Ny Bokin'ny Fiainan'Ny Zanak'ondry

Manao ahoana, ry sakaiza. Somary mahagaga kely ny maha-eto ahy androany. Tsy nampoiziko ny ho eto. Tokony ho tany Kentucky aho. Fa sakaiza malalako anankiray no marary mafy, ny Rahalahintsika Lyle McSpaddin. [Elanelana tsy voarakipeo]. . . eo an-dàlam-pahafatesana any amin'ny hopitaly. Rtoa. Fergerson izay tonga eto taloha, ny zananilahy an-dàlam-pahafatesana, ihany koa, any amin'ny hopitaly. Ary noho izany dia tsy nandeha aho, fa nijanona fotsiny ho azy ireo.

2 Ary avy eo Atoa. Matheny avy ao amin'ny fiangonana Pentekotista ao New Albany, eo amin'ny Silver Street, tena aorian'ny. . . Izany dia eo anelanelana. . . Izany dia eo Oak sy Silver, heveriko. Ary izy. . . Tokony hiresaka ho azy aho izao hariva izao, ary nilazako izy. . . Nofoanako ilay izy, ny Alarobia lasa teo, ary nilazako izy fa hiandry aho mandra-piveriko avy any Indianapolis. Ary avy eo raha vao niditra haingana tao amin'ny hopitaly aho omaly, mba hijery an-dRahalahy Lyle, dia, nifanena taminy aho. Ary hoy izy hoe, "Eny, hitako fa tsy nandeha ianao."

Dia hoy aho hoe, "Tsia."

Hoy izy hoe, "Eny, tongava, miresaha, na izany aza."

3 Noho izany, heveriko, raha sitraky ny Tompo, fa ho any aho rahariva, hiresaka ho an-dRahalahy Matheny. Ary, hia, niresaka taminy aho, fa rehefa handeha any izahay, dia hanana asam-panasitranana anankiray ho azy aho. Ary mazàna dia tiako ny mifady hanina eo amin'ny telo andro eo mialohan'ny asam-panasitranana. Noho izany dia nilazako izy fa hiresaka aho, ary raha misy olona any, dia hivavaka ho azy ireo izahay, na izany aza, tena ilay—ilay laharam-bavaka tsotra fotsiny.

4 Ankehitriny, mbola manana herinandro iray isika, herinandro iray manomboka amin'ny Alatsinainy ho avy, ankehitriny mandra-panombohan'ireo fivoriana ao Cadle Tabernacle any Indianapolis. Ary mahatoky isika fa hitahy antsika any ny Tompo, ao amin'ny fivoriana lehibe manan-tombo anankiray. Toy ny ankizy anankiray, miaraka amin'ireo fanantenan'ny Krismasy, dia miandry an'izany fivoriana izany aho. Izaho. . .

5 Ianareo, misy zavatra anankiray mihitsy mikasika ny fanompoana ny Tompo, tena reraka isika indraindray, hany ka toy ny hoe tsy afaka handeha lavitra intsony isika. Ary avy eo rehefa miala sasatra ianareo, iray na roa andro fotsiny, dia misy

zavatra mandona anareo ary—ary tsy maintsy mandeha mihitsy indray ianareo. Noho izany, androany, dia eto isika ho an'ny tanjona iray, izany dia, ny hanompo ny Tompo.

6 Ary mialoha indrindra ny hivavahantsika sy ny famakiana ny Teny, dia te-hiala tsiny am-pahibemaso amin-dRahalahy Neville aho. Izaho . . . Omaly, dia nijanona tao an-trano aho fa tsy nandeha tany Kentucky, omaly, fanahy iniana iray, mba hitory ho azy tao amin'ny fandefasam-peo. Amin'ny Sabotsy ho avy, ary raha sitrak'Andriamanitra, ary raha sitrak'i Rahalahy Neville, dia tiako ny hiteny amin'ny fandefasam-peo maraina amin'ny Sabotsy ho avy, ho an-dRahalahy Neville.

7 Ary noho izany, dia tena tsara fanahy tokoa izy namela ahy, mora. Nilaza izy . . . Ataoko fa nanararaotra azy aho, ary izy no anankiray amin'ireo tovolahy izay afaka . . . Afaka mamerina an'ilay fankasitrahana aho, hoe, "Olona mahandry." Ary ny nampikorontana ahy dia aninkeo vao maraim-be rehefa niantso ahy izy ireo ho any amin-dRahalahy Lyle sy ny sasany, any New Albany. Ary izaho . . . Tena teo amin'ny sivy latsaka folo minitra teo izany, ary hoy aho hoe, "Oh, tokony ho any amin'ilay fandefasam-peo aho afaka folo minitra." Ary indro, izaho eto Jeffersonville, izy any miandry ahy. Noho izany izaho . . .

8 Niantso azy Rahalahy Woods omaly, ary nihevitra aho fa hamela an-dRahalahy Woods hiala tsiny ho ahy, aloha, fantatrareo. Noho izany dia nasiany sazy ilay izy mba hanao ahy hiresaka izao maraina izao, ho tonga eto. Noho izany dia eto isika izao. Ary dia izy . . . isika dia . . .

9 Mahatoky isika fa—fa Andriamanitra dia—dia ho ao amin'ireo fivoriantsika. Tsy manana na inona na inona voaomana mialoha aho; tsy fantatro akory aza hoe aiza no hanombohana ao amin'ny Soratra; nandray fotsiny ny Baiboliko fotoana vitsy lasa izay, ary nihazakazaka haingana. Tsy maintsy naka ny Baiboliko Collins aho, satria misy printy lehibebe kokoa izany.

10 Oadray! Efa mihoatra ny efapolo aho, fantatrareo. Noho izany, rehefa efapolo taona ianareo, izay rehetra akaikinareo, dia tsy hitanareo tahaka ny nahitanareo azy taloha intsony izany, fantatrareo. Firy no mahafantatra fa marina izany? Hia. Eny, tompoko.

11 Teto vao tsy ela akory izay, nieritreritra aho hoe, "Hono ho'aho, misy zavatra tsy mety amiko, tsy afaka mitondra solomaso maitso na solomaso volontany aho." Tsy ho vitako intsony izany; mankarary ny vavoniko izany. Noho izany dia hoy aho hoe, "Misy zavatra tsy mety ao." Niantso an'i Dr. Adair aho, ary hoy aho hoe, "Doko, loko inona . . . Afaka mijery ny masoko ve ianao, hilaza amiko hoe inona no lokon'ny solomaso ilaiko?"

12 Hoy izy hoe, "Izaho, azoko lazaina anao mihitsy hoe inona." Hoy izy, "Ho lazaiko anao. Handefa anao fotsiny any

Louisville aho, ho any amin'ny manam-pahaizana manokana any, momba an'io."

13 "Eny," hoy aho, "Tsy mila fizahana maso aho." Hoy aho hoe, "Manana maso tsara aho. Afaka mitsangana aho ary mahita volo anankiray mipetraka eo amin'ny gorodona."

14 Hoy izy hoe, "Saingy, tsaratsara kokoa ny hanao fizahana anankiray ho anao, na izany aza, dia ho lazainy aminao hoe inona no loko ilainao."

15 Noho izany, dia nandeha tany aho. Ary, hitako, fa rahalahy Kristiana anankiray izy, te-hiverina any Afrika miaraka amiko ka hanao fandidiana vitsivitsy. Hoy izy, "Ankehitriny, ireo tompon-tany ireo dia tena hafahafa, hitanao." Hoy izy, "Tsy havelan'izy ireo handidy azy mihitsy ny antsy." Saingy tia anareo izy ireo. "Ary te-hanolotra asa maimaim-poana enim-bolana aho, hanala an'ireo kira-maso sy ny sisa tahaka an'izany, ho an'ireo tompon-tany." Ary hoy izy hoe, "Rehefa handeha ho any ianao," hoy izy, "dia te-hanolotra enim-bolana amin'ny fiainako aho ho an'ny asan'ny Tompo."

Hoy aho hoe, "Doko, mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ve ianao?" Hoy izy, "Ny teny rehetra momba an'izany."

16 Dia nanome ahy fijoroana vavolombelona iray izy, mikasika ny indray mandeha rehefa . . . Izy dia manam-pahaizana manokana momba ny tenda sy ny maso. Nilaza izy fa niantso azy izy ireo. Zaza kely iray no nitelina anankiray amin'ireny kiririoka ireny, ary nihantona tao amin'ny tendany izany. Hoy izy, "Nandeha tany aho, ary efa teo an-dàlam-pahalasanana ilay zaza. Nentin'izy ireo tany amin'ny hopitaly izy. Tsy nisy na inona na inona azonareo atao." Hoy izy, "tsy fantatro izay hatao. Noho izany," hoy izy, "izaho fotsiny, no naniry, nivoaka ny efitra, ary hoy aho hoe, 'Ray An-danitra Malala, ampio aho hahafantatra amin'ny fomba rehetra an'izay hatao ho an'io zaza mahantra io. An-dàlam-pahafatesana izy. Ary tsy manana na inona na inona aho eto, hisintonana an'io, ary tsy fantatro izay hataoko.'" Dia hoy izy, "Lasa ilay zaza, 'Ah!' Dia nipitika teo amin'ny gorodona ilay kiririoka. Noho izany," hoy izy, "ahoana no hahafahako tsy hino?" Ny vavaka manova zavatra. Marina izany. Noho izany, izy no nilaza tamiko. Nipetraka teo izahay dia niresaka vetivety.

17 Ary izy dia nanana an'ilay efitra kely, maizina, nataony tonga teo ilay zavatra kely, ary nahita an'ilay jiro mena kely aho. Hoy izy hoe, "Afaka mamaky an'ity ve ianao?"

18 Hitako ilay izy manao hoe roapolo-roapolo. Hoy aho hoe, "Eny, tompoko." Vitako ny namaky azy, nandroso sy niverina, roapolo-roapolo. Avy eo dia napetrany ny dimy ambin'ny folo-dimy ambin'ny folo, vitako ny namaky azy. Ary folo-folo, vitako ny namaky azy.

19 Hoy izy, "Eny, tsy dia be loatra ny tsy mety amin'ny masonao." Avy eo dia napetrany teto ny masolavitra kely anankiray, miaraka amin'ny . . . Hoy izy, "Vakio ho ahy ity." Ary voamariko ilay izy, vitako ny namaky azy tsara. Nanohy nanakaiky izy, nanakaiky. Nanomboka niha-miadana ny famakiako. Rehefa tonga saiky tahaka an'*izao* izy, dia nijanona aho. Hoy izy hoe, "Ho lazaiko anao, mialohan'ny hanontaniako anao. Efa mihoatra ny efapolo taona ianao."

Hoy aho hoe, "Eny. Marina izany." Hoy aho hoe, "Dimy amby efapolo taona aho."

20 Dia hoy izy—hoy izy hoe, "Eny, rehefa mihoatra ny efapolo taona ny olona . . . " Hoy izy, "Tsy hitako hoe ahoana no nahavitanao nitondra an'ilay izy ela." Hoy izy, "Mitovy fotsiny amin'ny hoe miha-fotsy ny volonao, miha-miketrona ny hoditrao, maniry volo ny sofinao, sy ny sisa." Afaka miteny an'izany aminareo Atoa. Egan, amin'ny maha-mpanety azy. "Ary rehefa mihoatra ny efapolo taona ianao," hoy izy, "dia miha-fisaka ireo voamasonao ary tsy hihitatra intsony." Hoy izy, "Ankehitriny dia holazaiko anao hoe ahoana no hanaovana azy. Eny, ankehitriny, ahenanao tena hifanakaiky ireo masonao, dia vakio ity."

21 Eny, rahalahy, vitako ny namaky an'ilay izy, rehefa akaiky ahy tahaka an'*izao* ilay izy, nanena ny masoko. Napetrako tahaka an'*izao* ny tànako, ary nanao masolavitra kely, toy izany, dia afaka namaky an'ilay izy ianareo. Tsy misy na inona na inona tsy mety amin'ny masonareo. Ilay natiora fotsiny izany, efapolo taona, dia tsy maintsy mitondra solomaso famakiana ny olona.

22 Ary noho izany dia te-hanao anankiray ho ahy izy. Ary, eny, nanao izy. Saingy izaho—izaho dia tsy tia an'ireo zavatra ireo mihitsy, hitanareo. Ary izaho—izaho dia tsy nihevitra ny amin'izy ireny mihitsy isan'andro, ary mamaky aho indraindray. Ary, fa, alaiko fotsiny ho ahy ny Baiboly Collins, izay misy ny—ny printy lehibebe kokoa. Dia nieritreritra aho hoe, "Eny, tsy zatra mitondra azy ireny mihitsy aho, hitanareo." Ary ianareo dia tsy—ianareo dia tsy mijery . . . Raha tsy maintsy hijery lavitra aho, tahaka an'*izao*, dia tsy afaka mahita na inona na inona ianareo. Fa mijery akaiky ianareo, dia manao an'ilay izy ho mazava aminareo izany.

23 Hoy izy, "Ankehitriny, dia manomboha ianao mamaky tahaka an'*izao*," hoy izy, "ny zavatra voalohany fantatrao, dia hitohy hanemotra ny tànanao ianao. Hatramin'*izao*, dia tsy ho lava intsony ny sandrinao, mba hanakaranao an'ilay izy." Noho izany, izany ny—izany amin'ilay izy.

Ary noho izany, ankehitriny, ny—ny Tompo hitahy anareo.

24 Ankehitriny dia te-hanontany zavatra aminareo aho, izao maraina izao, mialohan'ny hanombohantsika ny leson'ny sekoly Alahady. Inona—inona no atao hoe vidy? Efa nieritreritra

an'izany aho. Raha manana feo ampy aho izao maraina izao, dia hitory an'izany lohahevitra izany aho. Saingy, ny tendako, marary, nefa manana an'ity fivoriana misy ity aho eto, New Albany, izao hariva izao. Ary avy eo, ihany koa, dia manana aho an'ireo . . . Ireo asam-pitoriana dia hanomboka. Te-hampianatra vetivety fotsiny aho, izao maraina izao, avy ao amin'ny Soratra anankiray. Saingy, inona no atao hoe vidy?

25 Ny reniko, tsy mihevitra aho fa eto izy. Tsy mahita azy na aiza na aiza aho. Ato ve izy? Eny, mama, lasa kely ianao. Noho izany, nanontany azy aho omaly. Nanontaniako azy ilay lohahevitra, satria efa nianatra an'ilay izy aho. Efa mba nanana zavatra anankiray tao an-tsainareo ve ianareo, ka nanomboka nianatra fotsiny? Rahalahy Weber, efa nanao an'izany im-betsaka ianao, ary nanomboka nianatra fotsiny.

26 Inona no atao hoe vidy? Ary nanomboka nieritreritra aho. Hoy aho hoe, "Fantatrareo, raha nanana zato tapitrisa dolara aho mipetraka eto amin'ny antontany iray, ka nanana bokotra kely anankiray aho eto. Raha potseriko io bokotra io, ka ho veriko ilay zato tapitrisa dolarako, saingy afaka miresaka amin'ilay dadako antitra izay efa lasana kosa aho, mandritry ny adiny iray, mety maty anankiray indray. Inona no hataoko?" Tsy misy fisalasalana, fa ho potseriko ilay bokotra. Hanome zato tapitrisa dolara aho, izao maraina izao, mba hampipetraka ny dadako eo amin'ity seza ity, raha mampianatra an'ity lesona ity aho. Noho izany dia inona no vidin'ny vola? Tsy mihoatra lavitra noho ny fanahy iray ve ny vola? Hitanareo?

27 Ankehitriny, mama, tadidinao ve rehefa nanana an'ilay Ford antitra kely modely-T aho, modelin'ny 26 antitra kely? Toy ny ahoana no nanadiovako an'io zavatra io! Ankizy anankiray fotsiny aho tamin'izany, teo amin'ny enina ambin'ny folo, fito ambin'ny folo taona. Mpanota anankiray aho tamin'izany. Ary indraindray . . . Niasa niaraka tamin'Atoa. Genther aho tany. Ary izaho . . . Aorian'ny Alahady tolakandro . . . Alahady maraina, dia nidina tao ambany tao ary nikiky an'ireo sombintsombiny rehetra sy ireo zavatra, ho an'ilay paompin-drivotra, ary nanadio an'ilay izy. Alahady tolakandro, dia nanadio an'io Ford tranainy kely io aho, mandra-pahatonga azy ho toy ny hoe efa saiky hiendaka aminy mihitsy ilay loko. Ahoana moa raha niezaka aho, izao maraina izao, ny hahita piesy anankiray an'io Ford io? Ahoana moa raha niezaka aho ny hahita anankiray amin'ireo sombintsombiny ireo, avy ao amin'ilay paompin-drivotra? Amin'ny fotoana iray izay mety ho nahazoako fanahy, dia nanadio an'ilay Ford-ko aho. Manontany tena aho hoe aiza ilay vidy.

28 Niasa aho tany ny Alahady maraina, arak'izay hamelan'izy ireo ahy. Nankasitrahako izany, satria tratry ny trosa aho. Ary izaho . . . Saingy taiza—taiza no nitondran'izany ahy? Inona no azon'izany?

29 Rahalahy Ledford, ahoana moa raha misy olona manatona ahy sy ianao, sy Rahalahy Neville, izao maraina izao, isika rehetra eto, isika telo, raha ny marina, ka manao hoe, "Ry mpitoriteny, homeko dolara an-tapitrisany ny tsirairay avy aminareo." Olona anankiray mendrika . . . no hahavita an'izany.

30 Dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, Rahalahy Ledford, Rahalahy Neville, lazaiko aminareo izay hataontsika. Ndao isika handeha ary hitady ny olona mahantra rehetra izay mety ho hitantsika. Ndao hataontsika ho sambatra ny tokantrano kely rehetra, amin'ny alàlan'ny fanomezantsika akanjo ho an'ireo ankizy, sy fandoavantsika ny antoky ny trosa, na fividianana an'ity toerana kely ity. Tsy ho diso amin'izany mihitsy izahay. Iray tapitrisa dolara ny anankiray, nahoana, ireo zana-bola avy amin'izany, ho karakarainay arak'izay azonay atao mihitsy izany; hametraka an'izany ao anatin'ny fampiasam-bola tsara iray na zavatra anankiray. Ary avy eo dia inona no hataonay? Hahafinaritra izany, fa, tsy avelanay hisy olona hahafantatra na inona na inona mikasika an'izany. Hahatsapa ho afa-po ny fonay.

31 Fa, ankehitriny, afaka zato taona manomboka androany, rahalahy. Hila ny fahagagan'Andriamanitra izany, raha mbola ho velona zato taona manomboka androany isika, fantatrareo izany. Ankehitriny, ho any amin'ny Mandrakizay isika. Inona no soa ho vitan'ilay dolara an-tapitrisany, na ireo famahanana rehetra ny mahantra, ary ireo zavatra izay nataontsika? Hitanareo? Tsy dia hisy vidiny betsaka akory izany. Raha nanana iray lavitrisa aho, izao maraina izao, inona no soa ho vitan'izany amintsika rehefa lasa isika?

32 Fa mamelà ahy hiteny zavatra aminareo. Tsy manana an'izany vola izany izahay. Olona mahantra ianareo; isika rehetra dia izany. Marina izany. Miaina amin'ny fiantran'ny olona izahay, amin'ny maha-mpitoriteny. Saingy rahalahy, any Afrika, zazalahy kely anankiray mainty hoditra tahaka an'*izao* ny halavany, na mpivarotena an-dàlambe iray any Louisville any, fanahy anankiray voavonjy; any amin'ny Mandrakizay, rehefa hamirapiratra ilay kintana any, hiraikitra eo amin'izany ny anarantsika. Izany no vidinareo. Ilay izy tsy hoe ohatrinona no anananareo, ohatrinona no irianareo. Ilay izy dia hoe firy no azonareo atao momba ny famonjena fanahy ho an'i Kristy Jesosy. Halazo ny volantsika.

33 Nodioviko io Ford antitra kely io. Fa izao maraina izao, mipetraka ao amin'ny garazy ao dia misy Cadillac anankiray izay nomen'izy ireo ahy. Saingy indray andro any, io Cadillac io dia hitovy amin'ilay Ford ihany. Tsy hisy intsony izy. Saingy Andriamanitra dia tsy hiova foana. Fa, raha mahazo fanahy iray ho an'i Kristy aho, rahalahy, raha mbola misy foana ny Mandrakizay anankiray, dia hitoetra eo ambonin'izany fanahy izany ny voninahitr'Andriamanitra.

34 Noho izany, inona no atao hoe vidy, na izany aza? Inona no soa vitan'izany, rehefa ao anatin'ny tendanareo ireo tolona, ka hitan'ny dokotera fa efa miha-reraka ilay fitempon'ny fonareo? Inona no mahatsara ny vola rehetra sy ny laza rehetra? Ny olona mikapokapoka anareo ao amin'ny lamosina, na lasa olona malaza anankiray ianareo, inona no soa vitan'izany aminareo? Tsy misy na ny kely aza. Manjavona izany, ary mijanona eto an-tany.

35 Fa, ny fanahy anankiray voavonjy, dia hahita ny anaranareo miraikitra amin'izany ianareo, raha mbola hanjelatra eny amin'ny lanitra foana ilay kintan'ny maraina. Noho izany, ndao isika hamonjy fanahy, rahalahy. Ny tsirairay avy, ianareo mpikarakara tokantrano, tsy mila ny ho lasa mpitoriteny iray ianareo; manaova zavatra ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Tsarovy, ireo zavatra Mandrakizay no maharitra mandrakizay, ary, izany dia, ny mamonjy fanahy. Aoka izany no ho zavatra voalohany, amin'ny asanareo rehetra sy ny hevitrareo rehetra ary ny antonareo rehetra.

36 Omaly, nijoro teo akaikiny aho, nihazona ny tànan'ny reniko, ny sandriko nanodidina azy, ary ny saokany nangovitra.

37 Ary nipetraka teo ny zanakalahiny, an-dàlam-pahafatesana, hoy izy hoe, "Billy, izaho—izaho dia naniry mafy ary naniry mafy anao hiverina ao amin'ny tabernakla."

38 Hoy aho hoe, "Ranabavy Fergerson, izaho—izaho dia tia ny hanao an'izany." Nilaza izy . . . Hoy aho hoe, "Eny, jereo, ranabavy. Fa mety hahazo fanahy dimampolo voavonjy angamba aho, isan-taona, ao amin'ny tabernakla, ho vokatra iray tsara izany ho an'ny taona anankiray. Mety mahazo iray hetsy amin'ireo voavonjy ireo aho any amin'ny firenena hafa anankiray. Hitanao?"

39 Rehefa hiditra ao amin'ny Voninahitra aho, dia tsy tiako ny . . . Hamonjy ahy Andriamanitra. Efa namonjy ahy Izy. Efa milamina izany. Saingy ny zavatra amin'ilay izy dia, rehefa tonga any aho, dia tiako ny hijery manodidina ka hahita an'ireo kintana mamirapiratra. Amena. Izaho—izaho te-hahita zavatra izay manao zavatra.

40 Raha izaho—raha izaho no efa maty, ka olona malaza iray aho, filoha iray tahaka an'i Lincoln, na zavatra tahaka an'izany, dia hisy tsangambato lehibe anankiray eo; saingy indray andro any dia tsy hisy intsony izany. Fa ny fanahy anankiray voavonjy, ao amin'ny Voninahitra, dia ny anaranareo no hiraikitra amin'izany, raha mbola misy foana ny Mandrakizay anankiray mihodinkodina any.

Eny, ndao isika hivavaka ankehitriny.

41 Rainay An-danitra, manatona Anao am-panetre-tena tokoa izahay, izao maraina izao. Andriamanitra, faly aho fa tonga saina, teo amin'ny dimy amby roapolo taona lasa teo izay,

ny amin'ny fahafantarana fa—fa ny fahasambarana dia tsy avy amin'ireo zavatr'izao tontolo izao. Izany dia avy amin'ireo zavatra Mandrakizay, izay manao anay ho sambatra ao amin'ny fanahinay.

42 Ary toy ny ahoana no fisaorako, izao maraina izao, sy ny fankasitrahako Anao, noho ny Famonjenao sy ny Fahasoavanao, izay namela ahy, Tompo, hahita fanahy teo amin'ny iray tapitrisa teo nandohalika teo amin'ny alitara. O Andriamanitra, andro be voninahitra anankiray, rehefa hiampita aho, manantena ny hahita azy rehetra hamirapiratra any aho, toy ny kintana. Ireo rahalahiko eto, ireo anabaviko, izao maraina izao, ny tsirairay avy dia mahatsapa toy izany koa. Ampahany iray amin'izany izy ireo, Tompo, amin'ny alàlan'ny fivavahany sy fitarainany, ary mifikitra amin'Andriamanitra; mivavaka, mitantara amin'ny hafa, miresaka fatratra ny amin'ireo zavatr'Andriamanitra.

43 Ary mahatoky izahay, androany, Andriamanitra, raha misy olona ato izay tsy eo amin'ny tokony hisy azy fotsiny, na mbola tsy nanaiky an'i Kristy arak'izay tokony hanekeny, dia enga anie ho ity no andro handraisany an'ilay fanapahan-keviny tsy mety maty, Mandrakizay anankiray, mba hanompo Anao. Ekeo izany, Ray.

44 Enga anie ny Kristiana tsirairay, ato, enga anie ny fon'izy ireo hirehitra ao anatiny, mba handeha any ho any, any amin'ireo fefy sy làlana lehibe, ary hampiditra an'ireo fanahy very, tsy mampaninona na dia manetry tena toy ny ahoana aza ilay izy, afaka mampiditra fanahy iray izy ireo izay hampiditra iray tapitrisa aorian'izany. Tsy fantatray izay hataonay. Indraindray dia manontany tena ireto reny kely ireto, Tompo, saingy tsy fantany mihitsy izay lazainy, rehefa miresaka amin'ny olona tanora izy ireo, na olona antitra anankiray, na zavatra mikasika ny fanahiny. Ekeo, Tompo.

45 Ankehitriny dia midira ao amin'ny Teny. Tompo, ao amin'ny Teny Ianao. Ary omeo finoana izahay mba hanao ny Teny ho velona sy hiasa, androany, ao amin'ny fiainanay, ao amin'ny vatanay. Fa mangataka an'izany amin'ny Anarany sy ho an'ny Voninahiny izahay. Amena.

46 Tsy dia azoko antoka raha i Dwight Moody ilay izy. Mino aho fa izy izany, ilay mpanao kiraro avy ao Boston, tamin'ny indray andro. . . Vehivavy kely anankiray, tamin'ny andron'ireo Metodista voalohany, te-hanao zavatra ho an'ny Tompo izy. Noho izany, dia nanasa lamba izy, ary nitahiry ny volany, nahazo iray dolara sy sasany, mino aho, mba hahazoana mpitory teny antitra anankiray ho tonga hitory aminy. Ary nanofa tranon-tsoavaly efa foana anankiray izy, ny am-pahefany na zavatra anankiray, ho an'io hariva io. Nodioviny ilay tranon-tsoavaly, ary napetrany ilay—ilay dabilio fanasan-damba, ho alitara anankiray.

47 Ary mba hanehoana aminareo fotsiny hoe tsotra toy ny ahoana ilay izy, ho anareo mpikarakara tokantrano, ankehitriny. Hitanareo? Hoy ianareo hoe, "Oh, Ranadahy Branham, raha mba afaka mitory aho!" Tsy mila an'izany ianareo. Ianareo fotsiny . . . Ianareo dia vavolombelona anankiray. Ianareo dia hery mitaona anankiray; ny fiainanareo.

48 Ary naka trakta vitsivitsy izy, ary nandeha teny amin'ny zoron-dàlana, nanao dokam-barotra an'ilay fivoriana, ary nizara an'izy ireo. Isaky ny misy olona mandray ilay izy, dia atsipin'izy ireo. "Holy-roller! Fanatika!" Dia lasa nandeha. Hitanareo?

49 Nandalo ny zazalahy kely iray, nanao pataloha rovidrovitra. Ny fihazonam-patalohan'ny rainy no teny amin'ny sorony; ny volony mitsontsorika eo amin'ny tavany. Hoy izy, "Ramatoa, inona no zarainao?"

Hoy izy, "Trakta anankiray, anaka." Natolony azy ilay izy, tahaka an'*izao*. Nojereny ilay izy, hoy izy, "Tsy mahay mamaky teny aho."

Hoy izy, "Eny, ity dia milaza fa hisy fivoriana iray anio hariva, eto." "Oh," hoy izy, "izany ve? Tsy mampaninona anao ve raha ho avy aho?" Hoy izy, "Te-ho avy ve ianao? Tsy maintsy tonga ianao, malala, raha afaka ianao." "Eny àry, hataoko izany."

50 Io hariva io, taorian'ny fiezahany rehetra, dia vizaka izy. Tonga ilay mpitoriteny antitra mahatoky, nandeha teo amin'ny polipitra ary nivavaka. Nihira hira iray, izy sy ilay ramatoa, ary nipetraka izy mba ho mpanatrika azy.

51 Afaka kelikely, nivembena teo am-baravarana, ilay ankizy kely misaringom-borodamba, ny volo mitsontsorika eo amin'ny tavany. Fantatrareo ve hoe iza izy io? Dwight Moody. Io hariva io, dia nandohalika teo amin'ny alitara izy; nandefa fanahy iray tapitrisa ho an'Andriamanitra. Hitanareo? Tsy fantatrareo izay ataonareo.

> Mitenena teny kely iray ho an'i Jesosy
> Mijoro vavolombelona, mihirà, na mivavaha,
> Fa tahaka ny mofo eny ambonin'ny rano
> Hiverina aminao izany indray andro any.

52 Marina izany. Eny àry. Tsarovy fotsiny, aza manao tsirambina, aza manao tsirambina; mahazoa fanahy vitsivitsy! Na inona na inona ataonareo, mahazoa fanahy. Izaho—izaho dia faly mahita ny olontsika eto, izao maraina izao, tsy misy na dia iray amin'izy ireo aza ao anatin'ny fahantrana, raha ny fantatro; ny rehetra mitafy tsara, ary madio ianareo; olona hendry no fijery azy. Tena misaotra an'Andriamanitra aho, mahafantatra fa tahaka an'izao ianareo.

53 Tonga teto aho, ry sakaiza, indray mandeha, nandritry ny andro sarotra, rehefa nitory teny nanao akanjo fitondra miasa. Ary nandeha an-tongotra maily maro ianareo, eto, sy nitety ny firenena, ary tsy ampy ny ho hanina. Ary fantatro. Marina izany. Tsaroako izany. Nitahy antsika Andriamanitra, ary mankasitraka Azy isika, hitanareo.

54 Fa izao maraina izao kosa, hitanareo, toy ny ahoana no maha-hafa anareo izao maraina izao, tena misaotra aho ny amin'izany, saingy aza avela hampijanona anareo mihitsy izany. Tsarovy hoe avy taiza izany, avy tany ambony. Ary, mahazoa fanahy iray, haharitra mandrakizay Any izany. Ary ny ampahany be indrindra aminareo dia mety manana kaonty kely any amin'ny banky any ho any. Faly aho ny amin'izany, ary enga anie Andriamanitra hitahy betsaka an'izany mihitsy. Fa aza izany no avela hanakana ny làlanareo tsy hahazo fanahy iray. Marina izany. Ny fanahy tandremana aloha.

55 Ankehitriny dia nieritreritra aho angamba ny amin'ny . . . Nanontany an-dRahalahy Neville aho. Na, tsy manana lesona sekoly Alahady anankiray ianareo, noho izany dia hampianatra fotsiny isika avy amin'ny rehetra, ary any ho any ao amin'ny Baiboly. Ary nieritreritra aho ny hampianatra, izao maraina izao, raha teo am-pahatongavana aho, nialohan'ny nidirako tao amin'ny efitra, momba ny, ny amin'ny Bokin'ny Apokalypsy.

56 Avy eo dia tsaroako fa ny fandaharan'ny radio iray no nandefa ny—ny ampahany maromaro ny amin'ny Bokin'ny Apokalypsy. Charles Fuller, heveriko, no namaky ny—ny boky iray. Ary Rahalahy Fuller dia mpanao tandindona, ny tenany. Ary natahotra aho sao dia toy ny miara-manao an'ilay izy izahay, ary efa nandre ny sombiny tamin'izany ianareo.

57 Koa, noho izany, dia nieritreritra aho fa handeha ao amin'ny Bokin'ny Hebreo isika. Izany dia anankiray tsara . . . Firy no tia ny Bokin'ny Hebreo? Oh, izany dia anankiray mahafinaritra . . . Ndao isika handeha eo amin'ny toko faha-10. Heveriko fa io dia toko mahafinaritra anankiray. Tsy fantatro na efa mba nampianatra azy io aho, fa angamba efa nampianatra aho, teto, ny ampahan'ity. Mazàna aho dia maka andininy roa na telo, ary avy eo dia milamina ilay izy, ary dia manomboka miditra ao amin'ny Baiboly isika.

58 Fantatrareo, indraindray, rehefa miditra ao anatin'ny fialan-tsasatra aho, dia tena maniry mafy aho ny hanana fotoana betsaka, izay hahafahako mijanona eto amin'ny tabernakla, na any ho any eto, ka hanana ampahany maromaro an'ny fianarana fotsiny, toy ny fahazarantsika mandray ny Baiboly. Toy ny ao amin'ny Boky anankiray fotsiny, mandeha fotsiny, manatsinkafona an'ilay izy ambony sy ambany amin'ny alàlan'ny Soratra tahaka an'izany. Izany no mametraka sy

mampiorina ny Finoantsika. Izany no ilaina an'ireo lesona ireo, dia ny hampiorina ny Finoantsika.

59 Ankehitriny, ao amin'ny toko faha-10 an'ny Hebreo. Tsy fantatro hoe nahoana, nipetraka tao fotsiny aho, dia namadika an'ity mihitsy. Ary tiantsika ny hamaky manomboka eto, ho an'ny lesona kely anankiray, sy hampianatra an'izany. Raha manomboka eto isika, ka mahita fa efa teo amin'izany isika tany aloha, amin'izay fotoana izay aho dia . . . hivadika amin'ny zavatra hafa anankiray isika, na angamba ny Tompo no hitarika antsika amin'ny zavatra hafa anankiray.

60 Ankehitriny dia aza adino ny fivoriana anio hariva eto amin'ny tabernakla. Ilay rahalahy no hiresaka amintsika anio hariva. Ary raha manana sakaiza ianareo manodidina ny New Albany any, ao amin-dry Rahalahy Matheny, dia hiresaka vetivety any isika anio hariva. Ary avy eo dia ny Alarobia hariva.

61 Ary Rahalahy Junior Jackson, nandre azy nanao "amena" aho vao tsy ela teo, saingy tsy mety mahita azy mihitsy aho. Fa ato amin'ny tranobe izy. Ary ny anjarany dia ny Alakamisy hariva, ary—ary mino aho fa manana ny Alahady hariva izy. Aiza ianao, Junior? Tsy mety mahatazana anao aho. Oh, tsy mahagaga; mipetraka ao ambadik'io olona ngezabe aoriana io ianao. Ny anao . . . Inona . . . Ny fivorianao amin'ny Zo- . . . Alahady hariva, ihany koa, izay ilay izy, Junior? [Hoy Rahalahy Jackson hoe, "Marina izany."—Mpand.] Alakamisy sy Alahady. Eny àry. Ary ny fivoriany dia anio hariva, ary any amin'ny State Street izy, any New Albany. State sy . . . ["Monroe."] Monroe.

62 Rahalahy Genther, hitanao fa efa ela be no nandraisako an'ireo kaontera, na nanaovana asa fanamboarana. Adinoko ny làlana rehetra. Fa misy anankiray . . . Mbola tiako foana ilay Tompo Jesosy tsy miova izay nomba anay tamin'izany, rehefa nanampy ahy tamin'izany andro izany.

63 Niresaka tamin'ny rahalahy iray aho, vao tsy ela izay. Nandeha tany aho taloha rehefa handray an'ireo kaontera aho, ary mandondona ny varavarana. Mandray an'ilay kaontera, ary avoakako ny Baiboliko ary mamaky vetivety aho, mialohan'ny hahatongavan'ilay ramatoa eo amin'ny varavarana, zavatra tahaka an'izany. Ary nahita tranobe tranainy kely foana iray aho. Mazava ho azy, tsy mahita azy ireny ianareo ankehitriny, izay nisy olona niala. Niditra tao aho, ary nandeha teny aoriana tao amin'ny fametrahan'entana iray ary nandohalika dia nivavaka. Izany ilay fanao, izany ilay zavatra izay nanorina an'ilay izy tany, mijery Azy.

64 Ankehitriny, ny Bokin'ny Hebreo dia ny—ny fizarana eo amin'ny lalàna sy ny fahasoavana. Firy no mahafantatra fa miaina amin'ny fahasoavana isika, fa tsy amin'ny lalàna? Mino aho fa ny mpanoratra . . . Tsy misy olona tena mahafantatra marina. Fa toa tena tahaka ny hoe i Paoly ilay izy, hany ka tiako

ny miantso azy hoe ny soratr'i Paoly. Ary niresaka tamin'ireo Hebreo izy.

65 Ankehitriny, dia efa lasa nankany amin'ny Jentilisa ny Filazantsara, satria ny Jiosy dia nandà Azy. Ary nandeha tany amin'ny Jentilisa izy ireo niaraka tamin'ny Filazantsara. Ary ankehitriny dia namerina nanoratra ho an'ireo Hebreo i Paoly, satria maro tamin'izy ireo no te-hiverina ho eo ambanin'ny lalàna, hitandrina ny lalàna, sady mbola mino an'i Kristy.

66 Ary, fantatrareo, mbola misy izany amin'izao andro izao. Misy ireo olona amin'izao andro izao izay miezaka mitandrina ny lalànan'ny Testamenta Taloha, sady mbola Kristiana, nefa ny iray dia tena mifanohitra amin'ilay hafa. Raha manaraka ampahany iray amin'ny lalàna ianareo, dia tsy maintsy manaraka an'izy rehetra ianareo. "Mpitrosa ianareo," hoy ny Baiboly, "mba hanaraka ny lalàna rehetra," arak'izany, raha manaraka ny ampahany amin'izany ianareo. Ary, avy eo, raha mitandrina ny lalàna ianareo, toy ny fanatitra, sy ny sabata, sy ny adidy, sy ny fihinana, sy ny fidiovana, sy ny sisa, eo ambanin'ny lalàna.

67 Fa tsy eo ambanin'ny lalàna isika ankehitriny. Eo ambanin'ny fahasoavana isika. Ary i Paoly dia miezaka ny maneho fa ny lalàna dia aloka iray. Ankehitriny, eo amin'ny voalohany, eto isika dia mahita an'izany.

> *Fa ny lalàna izay misy aloky ny zava-tsoa ho avy, fa tsy ny tena endrik'ireo zavatra, dia tsy mety mihitsy miaraka amin'ireo fanatitra izay aterin'izy ireo mandrakariva isan-taona hahavita an'ilay* manatona ho *tanteraka.*

68 Oh, oadray! Tsy hahavita toriteny iray avy hatrany ve izany? Hitanareo? Hitanareo? Ankehitriny, ny lalàna dia alok'ireo zavatra ho avy.

69 Ndao isika handalo eto amin'ity, iray minitra fotsiny. Mamadiha miaraka amiko ao amin'ny . . . Mino aho fa ny toko faha-12 an'ny Apokalypsy ilay izy. Ndao isika handalo ao amin'izany vetivety fotsiny, dia hahita raha tsy afaka mahazo zavatra kely mahafinaritra mihitsy isika eto, mba hanombohana, mieritreritra ny "aloka." Ankehitriny ndao isika—ndao isika hamaky indray, ankehitriny, ianareo miaraka amin'ny Baibolinareo.

> *Ary nisy famantarana lehibe hita tany an-danitra; vehivavy iray . . .*

70 Manambara inona ny *vehivavy* ao amin'ny Baiboly? Fiangonana.

> *. . . vehivavy iray mitafy ny masoandro,* (izany no fitafiany izay nanaovany, hitanareo), *ary ny volana*

no eo ambanin'ny tongony, ary satroboninahitra no eo amin'ny lohany dia *kintana roa ambin'ny folo:*

Ary bevohoka izy ka mitaraina, mihetsi-*jaza, sy marary fatratra efa hiteraka.*

71 Mariho, vehivavy hita tany an-danitra, tao amin'ny—ny fahitan'i Jaona ilay mpanambara. Ary ny . . . Nitafy masoandro izy. Ary ny volana no teo ambanin'ny tongony. Ary nanana kintana roa ambin'ny folo izy teo amin'ny satroboninahiny.

72 Ankehitriny inona ilay mari-pamantarana? Ny fahitana dia mari-pamantarana. Ankehitriny, ilay vehivavy dia ny fiangonana. Ary ny fiangonana dia . . . Ny volana dia teo ambanin'ny tongony. Amin'ny teny hafa, dia mbola namirapiratra izy, saingy teo ambonin'izany izy. Satria, efa lasa tao amin'ny toerana iray izay nitondrany vohoka sahady izy. Nihetsi-jaza izy. Ary lasa ny volana, fa ny masoandro no namirapiratra. Ankehitriny, ny volana dia . . .

73 Ny mampahazava ny volana, dia ny masoandro mamirapiratra eo aminy. Alok'ilay masoandro fotsiny izany. Ary, noho izany, dia efa tapitra ny andron'ilay volana, fa ny masoandro no teo an-dàlam-piposahana. Tsy nitafy ny volana ilay vehivavy. Nitafy ny masoandro izy; izany dia ilay fiangonan'ny Filazantsara izay miditra eo amin'ny fisiana. Ilay fiangonana Ortodoksa tranainy . . .

Ankehitriny, dia hoy ianareo hoe, "Eny, ilay Ortodoksa ve izany?" Eny.

74 Tonga tamin'ny Jiosy aloha Jesosy, fa tsy tamin'ny Jentilisa. Hitanareo? Izy, Izy no naniraka an'ireo Mpianany tsy handeha ho any amin'ny Jentilisa mihitsy. Hoy Izy hoe, "Tonga tany amin'ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy." Inona? Nilaza Izy, raha naniraka azy ireo Izy, ao amin'ny toko faha-10 an'i Masindahy Matio. Hoy Izy hoe, "Aza mandeha any amin'ny làlan'ny Jentilisa, fa aleo mankany any amin'ny ondry very amin'ny Isiraely. Ary raha mandeha ianareo, dia mitoria, lazao fa efa akaiky ny Fanjakan'ny Lanitra." Hitanareo? "Aza mandeha any amin'ireo tanànan'i Samaria, na any amin'ireo sisa amin'ny làlana, fa mandehana aloha any amin'ny ondry very amin'ny Isiraely."

75 Izany no anton'ny namirapiratan'ilay masoandro lehibe nanodidina an'ilay vehivavy. Ary izy, narary fatratra, nihetsi-jaza, mba hiteraka an'io Zaza io.

Ary niteraka zazalahy izy, izay efa hanapaka ny firenena rehetra amin'ny tehim-by: . . .

. . . ary ny dragona nijanona teo anilan'*ilay vehivavy mba* (Roma) *handrapaka an'*ilay *zaza vantany vao teraka izy.*

76 Ary Roma no tena nanenjika an'ilay Zaza. Naniraka izy ireo ary namono ny ankizy rehetra, nanomboka teo amin'ny roa taona no miakatra . . . na, roa taona no midina, raha ny marina, mba hahafahan'izy ireo mamono an'i Kristy, sy hahazo Azy ao amin'izany. Heroda no nanao an'io didy io.

> . . . fa ny *zanak'*ilay vehivavy *dia nakarina ho any* amin'*Andriamanitra,* . . .

77 Avy tamin'ny fitsanganana, "dia nakarina ho any amin'Andriamanitra, ary mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra." Ankehitriny, dia izany no mamotipotika tanteraka ny foto-pampianarana rehetra ny amin'ilay "zazalahy," sa tsy izany? Hitanareo?

78 Fa ankehitriny, "Ny lalàna," Hebreo 10 indray, "misy ny aloky ny zavatra ho avy," fa tsy ilay tena endrik'izany, fa ny aloka.

79 Ankehitriny, indray hariva, dia nifampidinika tamin'ny olona iray tena mahafinaritra aho, mikasika ny foto-pampianaran'ny Arivo taona. Hoy aho hoe, "Mino ny Arivo taona aho, satria misy aloka betsaka avy ao amin'ny Testamenta Taloha izay miresaka fa hisy Arivo taona anankiray. Tsy maintsy hisy izany. Aloka betsaka!"

Hoy izy ireo hoe, "Handalo amin'ny Fahoriambe ve ny Fiangonana?"

80 Hoy aho hoe, "Tsia. Tsy afaka handalo amin'ny Fahoriambe ny Fiangonana, tsy maintsy lasa alohan'ny Fahoriambe Izy. Aloka betsaka!" Jereo, fa, i Noa, tany am-piandohana, Noa . . . "Ny Testamenta Taloha rehetra, ny lalàna rehetra, ankehitriny, dia aloky ny zava-tsoa ho avy."

81 Ankehitriny, mialohan'ny hidonan'ny fotoan'ny fahoriambe, voalohany, Enoka, ny . . . Noa, Noa dia tandindon'ilay nentina, tahaka an'ilay virijiny natory, fa Enoka kosa dia nampakarina mialoha indrindra ny nidonan'ilay fahoriambe. "Ary nakarina i Enoka, ka tsy hita intsony, satria Andriamanitra no naka azy," tandindon'ilay fiaingan'ny Fiangonana. Ary nandinika azy i Noa. Rehefa nahita an'i Enoka lasa izy, dia fantany fa izay no fotoana fidirana ao amin'ilay sambo-fiara, mba ho entina eo amin'ilay fahoriambe.

82 Hoy ny Baiboly hoe, "Nisy virijiny folo nivoaka mba hitsena ny Mpampakatra; ary ny dimy dia hendry, ny dimy dia adala. Ary virijiny daholo izy rehetra, ny tsirairay tamin'izy ireo. Saingy ny dimy dia hendry, ary nanana Solika izy ireo tao amin'ny fanalany. Ary nivoaka izy ireo mba hitsena ny Mpampakatra. Ary tonga ny Mpampakatra, ka ireo izay nanana ny Solika no niditra." Hitanareo, ilay fampakarana, nandeha niaraka tamin'ilay Mpampakatra.

83 Fa ireo tavela tany aoriana kosa, tonga izy ireo ary te-hiditra, ihany koa. Tena tahaka an'ireo izay tonga ka nandondona teo amin'ny varavaran'ilay sambo-fiara mihitsy, "Noa, avelao izahay hiditra," saingy Andriamanitra no nanidy an'ilay varavarana.

84 Ary, oh, ry sakaizako, indray andro any, dia Andriamanitra no hanome anareo ny antso farany ho anareo. Amin'izay fotoana izay dia hihidy ilay varavarana, eo anelanelan'ny famindram-po sy ny fitsarana. Aza mijanona any ivelany. Midira ankehitriny raha mbola vitanareo. Aza miraharaha izay lazain'izao tontolo izao. Midira ao amin'i Kristy. "Fa ireo izay ao amin'i Kristy no ho entin'Andriamanitra miaraka Aminy." Hitanareo?

Noho izany, io virijiny hendry io no nentina, tao amin'ilay fampakarana.

85 Ary ireo hafa izay tonga ka nandondona teo amin'ny varavarana, dia inona no nitranga? Inona no niseho? Hoy ny Baiboly hoe, "Natsipy tao amin'ny aizina tany ivelany izy ireo, izay nisy ny tomany sy fidradradradrana ary ny fikitroha-nify."

86 Isiraely, rehefa nikapoka an'i Egypta ilay fotoan'ny fahoriambe, tsy nisy zavatra anankiray nahadona an'i Egypta mihitsy . . . ny Isiraelita, satria tao amin'ilay toerana nomanin'Andriamanitra izy ireo, Gosena. Tsy nisy fahoriambe mihitsy tokoa. Hitanareo? Ny sisa tamin'izy ireo no tao amin'ilay fahoriambe, fa tsy io anankiray io.

87 Ankehitriny, ireo zavatra rehetra natao ho aloka ireo, dia tsy maintsy hanao tandindona zavatra anankiray izy ireo. Ary avy eo arakaraky ny hahitantsika ny fihaviana mialoha an'ny Tompo, dia hitantsika hoe ahoana no nandehanan'ny olona tao amin'ireo andro ireo, ary hitantsika hoe ahoana ireo olona ireo. "Kiriana, mpieboebo, tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavana an'Andriamanitra." Izay ilay fomba amin'izao andro izao. Ny olona dia mandeha arak'ireo fanirian-dratsiny manokana. Ilay izy dia lasa zavatra . . . Ialako tsiny ity fiteny ity, ranabaviko. Fa ilay izy dia tonga, hatreo amin'ny hoe, ilay tena fahamaotinan'ny fitondran-tena dia zavatra efa saiky an'ny lasa, eo anivon'ireo olontsika.

88 Omaly, tao amin'ny Hopitaly Saint Edwards, dia nandre dokotera iray aho namotipotika zazavavy anankiray tany. Niakatra ny tohatra izy izay nahafahako nandray ny tànany, ny olona rehetra tao amin'ilay hopitaly dia nihaino, nijery. Nisy zazavavy anankiray tany, niaraka tamin'ireo akanjo kely, ratsy tsy masina teny aminy, mitovy amin'ny kilaoty kely.

89 Fantatrareo ve izay lazain'ny Baiboly mikasika an'izany? Hoy Izy hoe, "Izany dia fahavetavetana eo imason'Andriamanitra, ho an'ny vehivavy manao pataloha tahaka ny lehilahy." Marina.

90 Ary teo izy, nande-. . . Nilaza ilay dokotera . . . Olona kely, mandringa. Fantatro izy, saingy tsy mety tsaroako ny anarany. Hoy izy hoe, "Ny tianao ho lazaina amiko ve dia hoe navelan'ilay anabavy niditra tato amin'ity hopitaly ity tahaka an'izao ianao?" Hoy izy, "Nahoana, fahafaham-baraka iray ho an'ny hopitaly ianao. Mivoaha eto."

Hoy aho hoe, "Tovolahy, te-handray ny tànanao aho." Izany tokoa.

91 Hoy izy, "Ahoana no nidiranao avy taty anoloana? Tsy menatra ny tenanao ve ianao, miditra eto miakanjo tahaka an'izao?"

92 Nieritreritra aho hoe, "Oh, rahalahy, marina izany." Ankasitrahako ny olona iray miaraka amin'ny fahasahiana betsaka hiantso ny marina ho "marina," ary ny diso ho "diso," tsy mijery hoe iza izy. Hitanareo? Saingy, ilay zavatry ny fahamaotinana, oh, afaka ve aho . . .

93 Hamela ahy ianareo, sa tsy izany? Te-hijanona eto iray minitra fotsiny aho. Ankehitriny, dia tiako, mety hanitsy kely an'izao fotsiny aho, ry sakaiza malalako indrindra. Aza mieritreritra fa Rahalahy Branham no miezaka ny ho henjana. Tsy izany aho. Miezaka ny milaza ny fahamarinana fotsiny ihany aho. Ary dia fantatro, fa any amin'ny Voninahitra any, indray andro any, raha hitako fa potika ny fiainanareo, ka amin'izany dia fantatro fa izaho no anton'ilay izy, ary nahafantatra ny Fahamarinana nefa tsy niteny an'Izany. Tsia, esoriko miala amin'ny soroko izany, ho eo amin'ny anareo. Raiso ny fanapahan-kevitrareo.

94 Ireo vehivavintsika izay mitafy tahaka an'izany, dia manana fanahy ratsy anankiray. Hitanareo? Zavatra anankiray ihany ao amin'ny Soratra no hany nahavita an'izany. Ny Devoly izany, izay nanala ny akanjon'ny olona. Jereo. Ankehitriny, tsy te-hilaza aho hoe ratsy fitondran-tena ianareo; tsy izany no tiako ho lazaina, ranabavy malalako. Fa ao amin'ny fironan'ilay andro ianareo, ao amin'izany fomba izany, mandra-pahatonga anareo fotsiny ihany . . . Mihevitra ianareo fa mahafinaritra ilay izy satria manao an'izany ireo hafa, nefa tsy fantatrareo fa ny Devoly no manao an'izany. Azo antoka, izany ilay izy. Tsy malaza ianareo. Adala ianareo. Ialako tsiny ilay fiteny. Eny, marina izany. Ny tiako ho lazaina dia, ianareo no adalain'ilay zavatra hanalavitra an'Andriamanitra.

95 Oh, ny Fanahy Masin'Andriamanitra, dia tsy mba hanapaka mandrakariva ao amin'ny olona. "Tsy hankasitraka ny hahafaty ny olona, fa ny hahatonga ny rehetra ho amin'ny fibebahana." Ary manome herim-po antsika Andriamanitra, amin'ny andro izay rehefa ireo mpitory teny . . . Indro eto no nanombohan'ilay izy, dia satria ny pasiteranareo, eo amin'ny lampihazo, no mandefitra amin'ilay izy. Marina izany. Tsy maintsy ho voaroaka

ianareo. Raha nanana fiangonana iray aho, ka nanao an'izany ireo vehivavy ao amin'ilay fiangonana, eo no ho eo ihany dia ho voafafa ao amin'ny bokim-piangonana izy ireo. Eny, tompoko. Avy hatrany, mandra-pahatonganareo hahitsy, hanomboka tsara. Tazonin'Andriamanitra ho tompon'andraikitra izy ireny. Saingy, amin'izao andro izao . . .

96 Nandeha tao amin'ny Saint Joseph aho. Mitsidika any amin'ireny hopitaly ireny foana aho, ireny hamehana ireny. Nandeha ao mba hijery zaza kely anankiray, teo an-dàlam-pahafatesana, homamiadana . . . na aretin'ny voa; nesorina ny voa anankiray, roa na telo andro fotsiny. Ary toy ny ahoana ilay zaza kely mahantra . . . Ary voamariko teo, tao amin'ilay hopitaly Katolika, tena nahafinaritra sy malala-tànana.

97 Nandeha tao amin'ny hopitaly Protestanta iray aho. Nisy ramatoa iray an-dàlam-pahafatesana tao, ary nandeha tao aho mba hametraka ny tànako. Ilay pretra, nitsangana teo, no nanao hoe . . . Ary nampahafantariko azy fa izaho dia tao amin'ilay anaram-piangonana iray ihany izay nisy azy. Hoy izy, "Hah! Tsia! Aza, aza, aza! Aza manao an'izany. Aza mametra-tànana aminy."

Hoy aho hoe, "Ny Baiboly no milaza."

98 "Ah, mivoaha!" Hoy izy, "Tsy tsara izany karazan-javatra izany. Tsia, tsy mila anao hametraka ny tànanao amin'ny olona marary ato izahay." Hitanareo ve hoe toy ny ahoana ilay izy?

99 Ary izany no antony hiteleman'ny fiangonana Katolika azy ireo, aman'arivony. Marina izany. Satria, ny Protestanta dia tsy mba niditra lalina loatra tao amin'Andriamanitra mba hahazo fahatsapana iray, hahafantarana ny hoe inona izany famonjena tena izy, an'ny andro fahiny, tso-po, ny Herin'Andriamanitra, izany. Izay ilay kilasy ratsinareo. Fa izao no kilasy fenonareo, dia ny miandry ny Fihavian'ny Tompo. Amena. Eo ianareo izao.

100 Mariho, "Ny lalàna dia misy aloka." Ireo zavatra rehetra izay hitantsika ankehitriny ireo dia aloka, aloka taloha, ary ankehitriny dia lasa tena misy izy ireo. Tahaka ny hazo anankiray izay mitsiry fotsiny, dia lasa taho iray izy; avy eo dia lasa mamoaka voa izy, mba hamokatra an'ilay karazana voa iray ihany izay nilatsaka tao amin'ny tany. Ny zavatra rehetra dia nivoaka avy tao amin'ny Genesisy avokoa. Ary, amin'izao andro izao, ankehitriny . . .

101 "Fa ireo mpivavaka ireo, izay tonga tao ambanin'ny aloka, dia tsy mety ho tanteraka mihitsy." Ndao isika hijanona eo amin'io teny eo io.

. . . *aterin'izy ireo mandrakariva* isan-*taona hahavita an'ilay* manatona ho *tanteraka*.

102 Tiako ianareo ankehitriny . . . Tsy efa nandre ve ianareo, imbetsaka, an'ireo olona izay manao hoe, "Oh, tsy misy tanteraka

na iray aza”? Marina izany, tsy mety ho tanteraka ianareo eo imason’ny olona namanareo.

103 Saingy tokony ho tanteraka ianareo, raha tsy izany dia tsy handeha ho any An-danitra mihitsy ianareo. Marina. Ny Baiboly no nilaza, Jesosy no niteny, ao amin’ireo fahasambarana, Matio; hoy Izy, “Aoka àry ho tanteraka ianareo, tahaka ny Rainareo any An-danitra izay tanteraka.” Noho izany, dia tokony ho tena tanteraka mihitsy tahaka an’Andriamanitra ianareo, raha tsy izany dia very ianareo. Ankehitriny dia ahoana no hanaovanareo an’izany? Hitanareo?

104 Ankehitriny, ny fahadisoana kely anankiray, dia very ianareo; tondro-maso kely anankiray fotsiny, dia vita ny aminareo; satria tsy misy na inona na inona afaka miditra ao amin’ireo Toerana ireo afa-tsy “tanteraka.” Napetrak’Andriamanitra tany ambony Tany i Satana, indray mandeha, ho Anjely anankiray, fa izy no Zanaky ny Maraina, ary nalainy ireo zavatra tsara an’Andriamanitra ka nosimbainy ho ratsy izany. Manana antoka Andriamanitra fa tsy hisy na inona na inona hiditra Any ka mbola hanao an’izany indray. Hitanareo?

105 Ankehitriny, tokony ho tanteraka ianareo. Hoy Jesosy hoe, “Aoka àry ho tanteraka ianareo, tahaka ny Rainareo any An-danitra izay tanteraka.” Ankehitriny, ahoana no haha-izany anareo, nefa manota tsy an-kitsahatra ianareo, nefa manao tsy an-kitsahatra an’izay ratsy ianareo? Ankehitriny, dia somary hametraka fihilanana kely ao amin’ireo mpanaraka lalàna ity, saingy, mariho. Tsy izay ataonareo no izy; izay nataon’Andriamanitra no izy. Tsy izay ataonareo no izy; izay Nataony no izy. Hitanareo? Tsy mety ho tanteraka ianareo; tsy mety ho izany ianareo, ao amin’ny tenanareo. Fa, ao amin’i Kristy, dia tanteraka ianareo. Tsy mitoky amin’ireo asa soa anareo manokana ianareo, na ireo fiangonanareo manokana izay misy anareo, fa mitoky amin’ilay Rà nararaka an’ny Tompo Jesosy ianareo. Eo ianareo izao. Izany no manao anareo ho tanteraka. Eo no mifikitra ny finoanareo.

106 Avy eo, eo amin’ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra, dia mitovy ihany. Tsy mitoky amin’ny fomba izay tsapako aho. Raha nitoky aho, dia ho teny am-pandriana aho, izao maraina izao. Fa mitoky amin’ny Asany efa vita aho. Izy no nilaza an’izany; Izy no nampanantena an’izany; mino an’izany aho. Hitanareo? Izay ilay izy. “Aoka àry ho tanteraka ianareo.”

107 Ankehitriny, oh, enga anie isika mba hirona kely fotsiny amin’ny lafiny anankiray, misy zavatra mihorona ato am-poko. Mamelà ahy hanontany zavatra aminareo. Miaina ao amin’ny andron’ny fitsarana isika ankehitriny, tsy ilay Fitsarana lehibe akory, fa ilay antso hivoaka ny Fiangonana. Mino an’izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

Miaina ao amin'ny andron'ny fanavakavahana isika. Misy ny—ny ory, ny—ny fanavakavahana ara-bolon-koditra miezaka mitsangana ao amin'ny firenena. Fahadalana izany. Saingy misy ny fotoana fanavakavahana tena izy; ny marina amin'ny diso. Manasaraka ny Olony Andriamanitra, miantso azy ireo hivoaka. Fantatrareo ve, ny tena teny hoe *fiangonana* dia midika hoe "navahana; nantsoina hivoaka; nosarahina"? Amena. "Mivoaha eo anivon'izy ireo," hoy ny Baiboly, "aza mety ho mpandray anjara amin'ny otany sy ny tsy fahadiovany, dia Izaho no handray anareo ho an'ny Tenako. Ary ho zanakalahy sy zanakavavy ho Ahy ianareo, ary izaho ho Andriamanitra ho anareo. Mivoaha!" Fotoana fampisarahana iray izany. "Ary arakaraky ny hahitanareo fa miha-manatona izany andro izany."

108 Ilay fiangonana izay niezaka nandeha fahiny, dia nanao anaram-piangonana ho an'ny tenany, ary ankehitriny dia lasa ao anatin'ny vondrona goavana be tokana izy ireo izay miaina tahaka an'izao tontolo izao. Hitanareo, tena araka ny nolazain'ny Baiboly mihitsy fa nataon'izy ireo tao amin'ny Testamenta Taloha, no nataon'izy ireo koa, ny maro amin'izy ireo. Niantso azy ireo hivoaka Andriamanitra, naneho azy ireo zava-mahagaga sy fahagagana, nefa maty tao an-efitra ilay taranaka manontolo; rehefa avy nahita an'ireo fahagagana izy ireo, rehefa avy naneho fahagagana teo amin'izy ireo Andriamanitra, rehefa avy nahita ny voninahitr'Andriamanitra izy ireo. Fa, ny tao am-pon'izy ireo, dia tsy mpino izy ireo, mimenomenona amin'Andriamanitra, mpitaraina. Hoy fotsiny Andriamanitra hoe, "Misaraha ianao, ry Mosesy." Dia nanomboka taranaka vaovao anankiray Izy, mba hitondra azy ireo hiditra ao amin'ilay tany nampanantenaina.

109 Mariho. Firy ato izao maraina izao no Kristiana? Hanangana ny tànanareo ve ianareo, atsangano fotsiny ny tànanareo hoe, "Kristiana aho." Deraina Andriamanitra, fa Kristiana anankiray ianareo. Ahoana no nahatonga anareo ho Kristiana? Satria hoy ianareo hoe, "Izaho—izaho dia te-ho lasa Kristiana iray"? Satria hoe nitady an'Andriamanitra ianareo, tamin-dranomaso? Satria Andriamanitra, noho ny fahasoavana, no niantso anareo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Marina izany. Tsy hoe satria nitady Azy ianareo; satria Izy no nitady anareo.

110 Ankehitriny, raha voamarikareo, eo amin'ilay lafiny Batista, na ny Presbyterana, ny finoana Armeniana, mandeha mamafy voa izy rehetra. Hoy izy ireo hoe, "Eny, raha Andriamanitra no niantso ahy, haleloia, amin'izay fotoana izay dia milamina tsara aho. Hanao izay tiako hatao aho." Izany no maneho fa tsy manana an'ilay izy ianareo, ary tsy nantsoina. Marina izany. Raha niantso anareo Andriamanitra, dia ho tia Azy tena am-

pamahasinana ianareo, ireo zavatr'izao tontolo izao dia ho maty aminareo. Marina izany.

111 Ilay tovolahy tanora izay mipetraka ao aoriana ao dia mandray feo ankehitriny. Nanontany ahy izy, teo am-pidirana, fa izy dia . . . anankiray amin'ireo rahalahiko, Atoa. Mercier. Ary izy no mandray feo an'ireo Hafatra ao amin'ireo fivoriana, ary ny mpiara-miasa aminy; Leo sy—sy Gene, ato aoriana ato. Niteny tamiko i Leo, rehefa niditra aninkeo maraina, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, iza no voalohany; ny finoana mamokatra fitiavana, sa ny fitiavana mamokatra finoana?"

112 Hoy aho hoe, "Ny fitiavana mamokatra finoana. Tsy ny finoana, fa ny fitiavana. Tsy maintsy mitia ianareo, aloha, alohan'ny hahafahanareo hanana finoana."

113 Noho izany, raha milaza ianareo fa manana finoana, nefa tsy tia am-pamahasinana an'Andriamanitra, dia zava-poana ny finoanareo. Hitanareo? Tsy maintsy mitia an'Andriamanitra ianareo. Noho izany, afaka mikambana amin'ny fiangonana rehetra eto amin'ny firenena ianareo, manao ny zavatra rehetra izay tianareo hatao, manao ny fifonana rehetra izay tianareo hatao; saingy raha tsy misy an'ilay fitiavana tena izy, tena misy, Fanahy Masina, nateraka indray ao am-ponareo ho an'Andriamanitra, dia zava-poana ny finoanareo. Tsy mampaninona na impiry ianareo no milaza fa mino an'Andriamanitra ianareo, tsy misy idiran'izany mihitsy. Izany dia tsy maintsy teraka ao am-pon'ny olombelona, amin'izay fotoana izay ianareo dia manana ny Fiainana Mandrakizay, tsy mety ho tafasaraka amin'Andriamanitra intsony.

114 Ankehitriny, raha nanam-potoana isika, tsy betsaka aminareo no manana Baiboly, fa ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy. Henoy ankehitriny. Apetraho eo amin'ny tendron'ny fisainanareo, dia sokafy ny fonareo. Te-hilaza zavatra anankiray aminareo aho eto ankehitriny. Tiako ianareo hihaino tsara, raha mbola akaiky eto ny Fanahy Masina.

115 Ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Apokalypsy, fa, ilay antikristy dia ho tonga amin'ny andro farany, ary dia tena ho tso-piaina izy. Ary ao amin'ny Masindahy Matio, ihany koa, ny toko faha-24, Jesosy no miteny, nanao hoe, "Rehefa ho tonga ny antikristy, fa izy—izy dia tena hifanakaiky, hitovy amin'ilay tena asan'Andriamanitra, hany ka hamitaka ny tena Nofidiana izy raha azo atao." Diniho, "Hamitaka ny tena Nofidiana . . . "

116 Ny "Nofidiana," avy aiza izany? Avy amin'ny teny hoe "Voafidy." "Hamitaka ny tena Voafidy izy raha azo natao." Hitanareo? Saingy tsy azo. Deraina Andriamanitra ny amin'izany! Tsy azo atao izany.

117 Tahaka ny ao amin'ny Hebreo, ny toko faha-6, hoy Izy hoe, "Fa tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, sy efa natao ho mpandray anjara amin'ny Fanahy

Masina, sy efa nanandrana ny fanomezan-danitra, ary ny herin'ny fiainana ho avy, raha nihemotra izy ireo ka manavao ny tenany ho amin'ny fibebahana." Tsy azo atao izany. Tsy mety hatao. Marina izany. Tsy azo alain-tahaka izany. Tsy azo ihamboana izany. Ny olona no afaka manao toy ny hoe *izao-sy-izao* izy ireo, ary afaka mitsingevaheva amin'ny zavatra kely rehetra.

118 Fa ny olona iray izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra, ny—ny diany dia mandroso mankany amin'ilay Kintan'ny Avaratra. Haleloia! Ary ny helo rehetra dia tsy hahozongozona azy. Marina izany. Tsy milaza aho hoe tsy hanao fahadisoana izy. Tsy hilaza aho hoe tsy ho solafaka sy ho lavo izy. Marina izany. Saingy vantany vao afaka mitsangana indray izy, dia mifantoka eo amin'io Kintana ery io ny masony, ary mandroso izy. Azo antoka. "Voafidy!"

119 Ankehitriny, ny Baiboly no nilaza, ary fantatro fa izany no Tenin'Andriamanitra velona. Ny Baiboly no nilaza an'izao. Henoy ankehitriny. Hitanareo? "Ary ny bibidia, sy ny mpaminany sandoka," m-p-a-m-i-n-a-n-y, tokana. "Ary ny bibidia," ny hery. Ilay triniten'ny helo; tena tahaka an'ilay triniten'Andriamanitra. Ankehitriny diniho.

> *Ary ny rehetra dia* nasainy, *na ny kely . . . lehibe,* dia *izay manan-karena* na *mahantra,* andevo na tsy andevo, (lahy na vavy, lehilahy na vehivavy, ankizy na iza izy na iza) . . .
>
> . . . *ny rehetra dia* nasainy, *na ny kely na ny lehibe . . . nandray marika eny amin'ny . . .* handriny, ary dia voahisy tombokase ao amin'ny fanjakan'ny aizina izy ireo.

120 Ankehitriny dia misy tombokase anankiroa izay apetaka amin'izao andro izao. Ary tsy fantatrareo marina hoe amin'ny fotoana inona . . . Oh, rahalahy, aoka hilentika lalina izao. Tsy fantatrareo hoe amin'ny fotoana inona, fa ianareo izay eny amin'ny sisiny amin'izao andro izao, dia handray ny fanapahan-kevitrareo farany. Marina izany. Tsy afaka hivembena ela loatra ianareo. "Ny Fanahiko dia tsy mba hanapaka mandrakariva ao amin'ny olona." Noho izany, afaka mivembena mandritry ny fotoana vetivety ianareo. Saingy, "Ny Fanahiko dia tsy mba hanapaka mandrakariva ao amin'ny olona," ireo izay eny amin'ny sisiny.

121 Mariho, ny mariky ny bibidia dia ny mariky ny fihemorana, ny Devoly, ireo asan'ny Devoly. Nilaza ve Jesosy hoe, "Amin'ny alàlan'ny maha-mambran'ny fiangonany"? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] "Amin'ny alàlan'ny teolojiany"? ["Tsia."] "Amin'ny alàlan'ny traikefan'ny seminerany"? ["Tsia."] "Amin'ny alàlan'ny voany no hahafantaranareo azy." ["Amena."]

122 Ankehitriny, noho izany, ny vokatry ny Fanahy Masina dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fiaretana, fahatsaram-panahy, fahalemem-panahy, faharetana, fahamoram-panahy. Izany no vokatry ny Fanahy. Ary, ny vokatra, izany no mariky ny Fanahy Masina, maneho fa mifantsika ao amin'ny fo ilay fitiavana an'Andriamanitra, ka ireo zavatr'izao tontolo izao dia maty.

123 Ankehitriny, ny mariky ny Devoly, dia hala-tahaka; asa, fa tsy fahasoavana. Ny asa no alok'ireo zavatra ho avy; fihatsarambelatsihy, mandeha any am-piangonana, mihambo ho Kristiana anankiray; miaina tahaka an'izao tontolo izao, manao raharaha miaraka amin'izao tontolo izao, mivoaka dia manao tahaka an'izao tontolo izao. "Ary tena mifanakaiky tokoa," ireo lafiny anankiroa ireo dia tena toa hitovy tanteraka, "hamitaka an'ilay tena Nofidiana . . ." Indro ny mambram-piangonana iray, mandeha any am-piangonana ara-potoana; olona mahafinaritra anankiray, mandeha any am-piangonana; olona tsara fanahy, tsara ara-toetra. Saingy, kanefa, ao amin'ireo lalina indrindra amin'ireo vatany, dia tsy misy fahatsapana iray mihitsy ny amin'ny hoe mitoetra ao Jesosy.

124 Jereo i Esao sy Jakoba. Nahoana, Esao dia mbola tovolahy indroa tsara lavitra noho i Jakoba. Azo antoka, fa izany izy. Fa, i Jakoba dia nanana zavatra anankiray, "Izy no nahazo tambiny tamin'ilay valim-pitia." Nahita an'ilay fizokiana izy, ary nihevitra an'izany ho zavatra lehibe indrindra eto an-tany.

125 Fa, amin'izao fotoana izao, dia ny fandehana any am-piangonana no ezahantsika heverina, hihaino ny Dr. *Ranona-sy-ranona* na Rahalahy *Ranona-sy-ranona* hiresaka, manao zavatra tahaka an'izany, na mikambana amin'ny fiangonana tsara tarehy anankiray miaraka amin'ny vondrona tsara anankiray, fifohazana tsara. Izany no antsointsika hoe manao zavatra tsara. Tsy izany ilay izy.

126 Andriamanitra mijery ny fo. Ary, ny fon'i Jakoba, dia tsy niraharaha an'izay zavatra tonga na lasa izany. Nisy tanjona mafy anankiray ho azy tao, izany dia, ny hahazo an'io fizokiana io.

127 Misy ny tena mpino anankiray, amin'izao andro izao. Avelao izao tontolo izao hiantso anareo amin'izay tiany hiantsoana. Avelao izy ireo hilaza fa fanatika anankiray ianareo, raha tiany izany. Izy ireo dia niantso an'i Jesosy hoe, "Belzeboba." "Tsy mihoatra noho izany ve no hiantsoiny anareo," hoy Izy. "Sambatra ianareo raha henjehan'ny olona, hasiany izay teny ratsy rehetra ianareo, hitenenany lainga, noho ny Amiko. Mifalia, sy miravoravoa, fa lehibe ny valim-pitianareo any Andanitra, fa toy izany ihany no nanenjehany ny mpaminany talohanareo." Hitanareo ve izany?

128 Ankehitriny, inona ilay Tombokasen'Andriamanitra, raha izany? Efesiana 4:30, manao hoe, "Aza mampalahelo ny Fanahy

Masina." Ny inona? Efesiana 4:30, ianareo izay manisy marika an'izany. "Aza mampalahelo ny Fanahy Masina." Ankehitriny, fantatro fa ny sasany amin'izy ireo dia miteny fa izany dia *ity*, na *itsy*, na ny *hafa*. Fa, tsy mampaninona, hoy ny Baiboly hoe, "Aoka ny tenin'olona rehetra ho lainga, fa ny Ahy ho marina."

129 Ny sasany manao hoe, "Mitandrina andro, no marika." Ary ny sasany manao hoe, "Manao an'*ity*, no marika." Ary ny sasany manao hoe, "Ny vavolombelon'*ity*, izany no marika."

130 Fa, hoy ny Baiboly hoe, "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny Andro hanavotana anareo." Hatramin'ny oviana? "Hatramin'ny Andro hanavotana anareo." Ahoana no hahatanteraka an'izany?

131 Afaka hahavita fahadisoana iray ve Andriamanitra? Afaka manome ny Fanahy Masina ho an'ny olona iray ve Izy . . . Ary Izy izay tsy manam-petra ve, mahafantatra ny farany hatrany am-piandohana, dia hanome ny Fanahy Masina ho an'ny olona iray, ary nampanantena azy Fiainana Mandrakizay, ary avy eo dia hiverina, hanaisotra an'Izany aminy? Izany no hanao Azy ho manam-petra, tahaka ahy sy ianareo, fehezin'ny fahadisoana.

132 Fa, isaorana Andriamanitra, ny Raintsika any An-danitra dia tsy manao fahadisoana. Izy . . . Izany tokoa. Tsy afaka manao fahadisoana anankiray Izy. Hatrany am-piandohana, dia tsy manam-petra Izy; ary ho izany Izy, any amin'ny farany. Tsy afaka manao fahadisoana Izy. Tanteraka Izy.

133 Mariho, ankehitriny aho dia hiverina ao amin'ny—ao amin'ny Hebreo indray. Ankehitriny, "Aoka àry ianareo ho tanteraka." Ankehitriny dia handingana aho ankehitriny ary hiditra ao amin'ny Apokalypsy.

> *Ary ny rehetra dia* nasainy, *na ny . . . lehibe,* (antitra, tanora, lahy sy vavy) . . . andevo *sy* tsy andevo, *nandray marika eny amin'ny* handriny, sy *teo amin'ny* tànany:

134 "Ary nofitahiny ny rehetra afa-tsy ireo izay nanana ny anarany voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry." Nofitahiny ny rehetra, ny tany manontolo, ireo fombam-pivavahana. Nofitahiny ilay nihambo ho Kristiana. Nofitahiny ilay mambram-piangonana. Nofitahiny ilay olona tsara toetra. Nofitahiny ilay olona tsara fanahy. Nofitahiny ilay mody mpitory teny. Nofitahiny ilay mody Kristiana.

135 Nofitahiny ny rehetra niaraka tamin'ilay fampielezan-keviny malaza, manao hoe, "Isika rehetra dia fiangonana lehibe tokana, ary tokony hitambatra miaraka isika, ary ny zavatr'izao tontolo izao sy ny fiangonana ary ny fanjakana, mitambatra. Izay . . . Hofarananantsika ny ady rehetra, mandrakizay."

136 Reny an'arivony, an-tapitrisany amin'izy ireny, no hanao hoe, "Izany no zavatra izay tianay." Diniho hoe avy aiza izany, ranabavy. Diniho hoe aiza no fipoiran'izany.

137 "Ary nofitahiny ireo rehetra izay tsy nanana ny anarany voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry."

138 Ankehitriny vonona ve ianareo? Izao ilay izy. Vava-basy roa ilay izy ary fahana mavesatra iray. Henoy izany, ankehitriny. "Nofitahiny ireo rehetra izay tsy manana ny anarany voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry. . . ." Hatramin'ny fotoana izay nikambanany tamin'ny fiangonana ve? Hatramin'ny fotoan'ilay fifohazana ve? Nosoratana tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ve ny anarany rehefa niditra tao am-piangonana izy ireo? Tsia. "Ireo anarana dia voasoratra tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao!" Amena. Izany no izy. Azonareo ve ilay izy? Izany dia nandalo fotsiny, nandritry ny an-jato taonany, teo anivon'ireo mpampianatra.

139 Fa, jereo, ny anaran'ilay Kristiana dia tsy voasoratra tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry tamin'izy nanatona ny alitara. Hoy ny Baiboly hoe, "Ny anarany dia voasoratra tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao mihitsy." "Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy ny Raiko no mitarika azy. Ary izay rehetra manatona, dia Izaho no hanome azy ny Fiainana mandrakizay, ary hanangana azy amin'ny andro farany." Inona no atahorantsika?

140 Henoy aho, ry rahalahiko kivy. Ny Baiboly no nilaza, fa, "Jesosy no Zanak'ondrin'Andriamanitra izay voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Mariho. Oh, oadray! Toy ny ahoana no handrehetan'izao ny fonareo! Toy ny ahoana no hanomezan'izao anareo ny fanantenana! Tany aloha tany talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, rehefa nanimba i Satana, ilay ratsy; Andriamanitra, izay tsy manam-petra, dia nijery teo amin'ilay fizotry ny fotoana, ary nahita ny farany.

141 Fahalalana mialoha! Raha tsy mahafantatra ny zavatra rehetra Izy, dia mametra an'Andriamanitra ianareo, manao Azy ho manam-petra ianareo tahaka ahy sy ianareo. Saingy, tsy voafetra Andriamanitra; ny Herin'Andriamanitra, ny fahalalan'Andriamanitra, ny zavatra rehetra. Faratampon'ny hery Izy.

142 Tany aloha tany talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, rehefa nanao ny ratsy i Satana, satria Satana dia efa nanana tao an-tsainy izay hataony, dia hitan'Andriamanitra hoe ahoana no Hahafahany manohitra an'ilay izy. Amena.

143 Hoy ny Baiboly hoe, "Tamin'ny voalohany ny Teny," Masindahy Jaona 1, "ary ny Teny tao amin'Andriamanitra,

ary ny Teny dia Andriamanitra." Tamin'ny voalohany, rehefa nanomboka ny fotoana. Ny Mandrakizay izany, talohan'io. Ity dia tao anatin'ny fotoana, izay ho lazaintsika.

144 Ny Mandrakizay dia tahaka ny—ny midadasika anankiray. Izany dia tsy—izany dia tsy tapitra mihitsy. Izany dia faribolana iray, mitohy mandrakizay sy mandrakizay ary mandrakizay. Izany dia kodiarana iray tsy manam-piafarana izay tsy mijanona mihitsy na manana fiafarana mihitsy. Fa i Satana no nametraka banga anankiray tao anatin'izany, ary nidina tety ka nandoto ny zavatra manontolo.

145 Fa, Andriamanitra dia nahita fa hisy elanelam-potoana iray. Ary amin'ny maha-Tokana lehibe tsy manam-pahataperana, nanomboka teo amin'ny fiandohana ka hatramin'ny fiandohana, dia nijery Izy. Ary Izy, tamin'ny voalohany, no Teny. Ankehitriny, ny teny iray dia fisainana iray voaseho. Nanomboka nisaina Andriamanitra, raha nanomboka nijery ny olombelona tsirairay Izy izay ho tonga eto an-tany, sy ny vorona tsirairay, sy ny parasy tsirairay, ary ny lalitra tsirairay. Haleloia! Izany no Andriamanitra tsy manam-petra, Tsitoha, Mandrakizay, manatrika foana. Izany ilay Tokana izay tompointsika izao maraina izao.

146 Tany aloha tany am-piandohana, dia Hitany fa nisy olona izay haniry ny ho vonjena, olona izay hila ny ho vonjena, olona izay hahatoky ao amin'ny fony. Te-ho vonjena izy ireo. Noho izany, dia tsy maintsy manao fiomanana anankiray Izy ho an'ny famonjena an'ireo, marina izany, raha tsy izany dia tsy ho voavonjy mihitsy izy ireo. Ary Fantany fa ny zavatra tsy tanteraka rehetra dia tsy afaka hiditra ao An-danitra, noho izany dia tsy maintsy manao làlan'ny fahatanterahana iray Izy ho azy ireo. Amena. Hitanareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

147 Noho izany, tany, dia hoy Izy hoe, "Izaho, ny Tenako, no hidina any amin'izao tontolo izao ary hitafy nofon'olombelona, ary Izaho no handoa ny sazy izay takiana eto. Ary Izaho no haka an'ilay toerana, ary Izaho no hanao azy ireo ho tanteraka satria Izaho no hampiditra azy ireo ato Amiko, ary Izaho dia tanteraka."

148 Noho izany rehefa hoy Jesosy hoe, "Aoka àry ianareo ho tanteraka, tahaka an'ireo izay . . . Andriamanitra izay tanteraka."

149 Noho izany dia indro fa nisy io vatana voaviravira io izay nokapohina sy noratraina noho ny ota, ka ny ota tsirairay izay efa nananan'izao tontolo izao na izay hananany, dia napetraka teo Aminy. Ary Izy no vatana izay natsangan'i Jehovah tamin'ny andro farany teo, tamin'ny andro fahatelo taorian'ny Fahafatesany.

150 Ary raha ao anatin'io Vatana io isika, dia tena tanteraka tahaka an'io Vatana io. Amena. Eo ianareo izao. Ahoana no hidiranareo ao anatin'io Vatana io? Ahoana no hidiranareo ao anatin'Izany? Ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Romana 8:1 hoe, "Tsy misy fanamelohana ankehitriny ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy, izay tsy mandeha manaraka ny nofo, fa ny Fanahy." Tsy ahoan'izy ireo izay lazain'izao tontolo izao, na izay lazain'olon-kafa, na dia izay lazain'ny fianakaviany aza. Mandeha ao amin'ny Fanahin'Andriamanitra izy ireo, ao amin'ny fitiavana tanteraka, an'Andriamanitra. Hitanareo ve ilay izy?

151 Ahoana no hidiranareo ao amin'Izany? Amin'ny alàlan'ny fikambanana amin'ny fiangonana ve? Amin'ny alàlan'ny fandraisan-tànana ve? Amin'ny alàlan'ny batisan'ny rano ve? Tsia, tompoko.

152 Ny toko faha-12 an'ny Korintiana Voalohany dia nilaza hoe, "Fa Fanahy iray ihany no nanaovana batisa antsika rehetra ho Vatana iray, ka lasa mpiombona amin'izany Vatana izany." Ary, noho izany, ilay izy dia tsy izay nataoko, inona aho, iza aho, na inona na inona mikasika an'izany. Ilay izy dia izay nataon'Andriamanitra ho ahy, tao amin'i Kristy, ary isika dia tanteraka miaraka amin'ny Fanatitsika.

153 Tsy manao fahadisoana Izy. Tsy hitondra anareo hiditra Izy raha tsy mendrika ianareo. Fantany ny fonareo. Marina izany. Fantany hoe inona ianareo. Fantany ireo antonareo. Fantany hoe inona ianareo. Misy fandrika manerana ny làlana. Azo antoka, ny Devoly dia hanao anareo ho tafintohina. Dia hoy ianareo hoe, "Tsy te-hanao an'izany aho. Andriamanitra, Ianao no mahafantatra an'izany." Mbola tanteraka foana ianareo satria misy Rà tanteraka nomena ho anareo, isan'andro, sy Fanatitra mandeha rà mihantona eo amin'ilay Seza fiandrianan'Andriamanitra Tsitoha. Marina izany. Ankehitriny, ahoana no nidiranareo Tao? Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny fahalalana mialoha . . .

154 Ankehitriny, Andriamanitra no nilaza fa Jesosy . . . Ankehitriny anaovy ny satrokareo. Sokafy ny fonareo. Jereo. Hoy ny Baiboly hoe, "Jesosy no Zanak'ondry voavono hatramin'ny" (taiza?) "fanorenana an'izao tontolo izao." Novonoina Izy. Nahoana? Andriamanitra, ilay Ray, rehefa nijery Izy ka nahita hoe ahoana . . .

155 Jesosy dia tsy tonga mihitsy mba ho faty amin'ny fahafatesana kisendrasendra fotsiny. Tsy tonga mihitsy Izy, hanao hoe, "Eny, angamba hisy olona iray hitsetra ahy rehefa hitan'izy ireo ny fomba Hahafatesako, sy ny sisa." Tsia. Tsia. Tsy mitondra ny Raharahany tahaka an'izany Andriamanitra. Mitondra ny Raharahany tanteraka Andriamanitra. Marina izany.

156 Fantany tsara mihitsy izay hiseho. Izany no fomba Nahafahany nilaza mialoha. Fantany tsara mihitsy fa Izy . . . "Tsy Sitrany ny hahafatesan'ny anankiray." "Tsy Sitrany," fa, raha tsy manam-petra Izy, dia Fantany hoe iza no ho faty ary iza no tsy ho faty. Noho izany, dia afaka manana antoka ianareo, raha efa nandray an'Andriamanitra ianareo ka efa nofenoina ny Fanahy Masina, dia mifantsika ianareo hatrany amin'ny fitodianareo Mandrakizay. Marina mihitsy. Hitanareo, mahafantatra mialoha Izy.

157 Ankehitriny diniho. Ny Baiboly no nilaza, fa, "Jesosy, ilay Zanak'ondry, dia voavono talohan'ny nametrahana ny fanorenana an'izao tontolo izao." Oh! Izaho—izaho dia mahafantatra fa hafahafa ny fihetsiko eto, saingy izaho—izaho—izaho dia mahatsapa tena ho finaritra. Jereo. Inona? Jesosy dia voavono talohan'ny nananan'izao tontolo izao ny vongam-bovoka voalohany hipetraka mihitsy aza. Jesosy dia efa novonoina sahady. Nahoana? Satria Andriamanitra . . . Ity ilay izy. Raiso ilay izy. Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny fahalalana mialoha, raha mbola ny Teny Izy tamin'ny voalohany, dia nanana fisainana iray Izy. Ankehitriny dia fisainana iray fotsiny izany; avy eo rehefa Noteneniny izany, ka nolazainy fa hisy izany, dia voavono tamin'ilay minitra nitenenan'Andriamanitra an'ilay Teny mihitsy Jesosy. Avy eo inona? Efatra arivo taona taty aoriana, dia tonga Izy ka nandoa ny vidiny, an'ilay efa nataon'Andriamanitra teo, tamin'ny alàlan'ny Teniny. Tsy maintsy tonga Izy. Tsy afaka nanakana Azy tsy ho tonga ny devoly rehetra tao amin'ny helo. Efa niteny an'ilay izy Andriamanitra.

158 Ankehitriny, ry mpino, efa manao ny kirarom-pifalianareo ve ianareo? Henoy ity. Raha Kristiana iray ianareo, raha tena zanak'Andriamanitra marina tokoa ianareo, dia ny Baiboly no nilaza . . .

Izany tsy hoe, "Oh, ry mpitory teny!"

159 Izany dia ny Baiboly. Hoy Izy hoe, "Ny anaranareo dia nosoratana tao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Oh, oadray! Tamin'ilay fotoana mihitsy izay Kristy . . . izay nilazan'Andriamanitra fa ho vonoina Kristy, dia Nosoratany niaraka tamin'ny Azy ny anaranareo. Haleloia! Eo ianareo izao. Ny anaranareo dia nosoratana tao . . .

160 Hoy Izy hoe, "Ary namitaka ny rehetra izy, ny lehibe, ny kely," maro be no mambram-piangonana, mihambo ho Kristiana. "Nofitahiny ireo rehetra izay tsy manana ny anarany voasoratra," tsy ao amin'ilay bokim-piangonana, fa, "ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry" (oviana?) "talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Andriamanitra no nanoratra ny anaranareo tao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny

Zanak'ondry, tamin'ny alàlan'ny Teniny voambara. Ka nandefa an'i Kristy, ilay Fanatitra, mba hividy an'izany, mba hanavotra an'io vondrona io ihany izay efa Nosoratany tao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaran'izy ireo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

161 Ankehitriny, "Ireo izay Nantsoiny, dia Nohamarininy." Niantso azy ireo Izy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. "Ireo izay Nantsoiny, dia Nohamarininy. Ary ireo izay Nohamarininy, dia efa Nomeny voninahitra." Ilay Andriamanitra io ihany, izay talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, no efa niantso ny anaranareo ka nanoratra an'izany teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry; tao amin'ilay Boky, hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia efa nanamboatra toerana iray tao amin'ny Voninahitra ho anareo. "Ary rehefa ravana ity trano-lay ety an-tany ity, dia manana anankiray isika izay efa miandry antsika sahady any amin'ny Voninahitra . . . ? . . . " Eo ianareo izao. Izany no Filazantsara.

162 Inona no mampanahy antsika? Nahoana isika no mandeha amin'ny endrika tahaka an'*izao,* "Eny, manontany tena fotsiny aho"?

163 Atrakao ny lohanareo! Hoy ny Baiboly hoe, "Atanjaho ny lohalika malemy. Ary atsangano ny tànana, izay niraviravy fahiny. Aoka izay malemy, hanao hoe, 'Mahery aho.'" Amena.

164 Fa, efa nomena ny Filazantsara. Izany no Vaovao tsara. Ary, izao maraina izao, ny Fanahy Masina, amin'ny alàlan'ny Teny, no mitondra aminareo ny Vaovao tsara, hoe, "Hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao no nanoratan'Andriamanitra ny anaranareo ao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry." Ny devoly rehetra avy ao amin'ny helo dia tsy afaka mikosoka an'izany hiala ao. Ny Tenin'Andriamanitra no efa niteny an'izany. Azo antoka mihitsy fa hiseho, tahaka ny nanoratan'Andriamanitra an'izany tao talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao! Amena. Be voninahitra toy ny ahoana ilay Raintsika any An-danitra, ao amin'ilay Fitiavany tsy manampetra sy ny Famindram-pony, manao an'izany ho antsika!

165 Hoy Izy, "Aoka àry ianareo ho tanteraka, tahaka ny Rainareo any An-danitra izay tanteraka." Ahoana no haha-izany anareo? Fa, tsy ny fahatanterahako izany, tsy ny fahatanterahanareo izany. Ny Fahatanterahany izany, an'ny Teniny; fa Izy no nifidy anareo, fa tsy ianareo mihitsy no nifidy Azy. Ary Izy no nampiditra anareo tao amin'i Kristy. Ary voaaro ao amin'i Jesosy Kristy ianareo, ary tena tanteraka mihitsy tahaka an'i Kristy teo anatrehan'Andriamanitra. Fa, tsy mijoro amin'ny anareo manokana ianareo. Mijoro ao Aminy ianareo, miaraka amin'ny zavatra tokana hoe, "Mino an'Andriamanitra aho." Amena. Oh, tiako Izy! Oh, oadray!

166 Ery am-pitan'i Edena ery, amena, ho fotoana mahafinaritra toy ny inona izany indray andro any, rehefa mijery aty aoriana ianareo ka manao hoe, "Nahoana aho no natahotra? Jereo ilay fifaliana izay tsy azoko."

167 Ry lehilahy tanora, ry vehivavy tanora, izao maraina izao, na ianao lehilahy antitra na vehivavy, izay tsy mbola Kristiana mihitsy. Mandondona tsy mitsahatra eo amin'ny fonareo Andriamanitra. [Nandondona in-efatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Oh, eny, mety hiditra ianareo any amin'ny faran'ilay làlana, saingy tsy hanam-pifaliana ianareo. Tsy hisy kintana manodidina anareo mba hamiratra. Tsy te-hijoro tahaka an'izany aho.

168 Te-handre Azy aho manao hoe, "Tsara izany, ry Mpanompoko tsara sady mahatoky." Te-haneho Aminy ny fankasitrahako aho.

169 Ny vadiko mahantra, kely, antitra fotsy volo, toy ny ahoana no hitiavako hanao zavatra ho azy, izay fantatro fa tiany, satria tiako izy, ary fantatro fa tia ahy izy. Ary raha izaho no te-hanao an'izany ho an'ny vadiko, ao amin'ilay fitiavan'olombelona, dia inona no tokony hataoko, mahafantatra fa Andriamanitra, noho ny fahasoavana, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia efa nahita ahy; mahantra iray, mpanota kely mivembena, ary mandeha mankany amin'ny helo nefa tsy mahasakana an'ilay izy? Ary Izy no nanendry ahy mialoha, ka nametraka ny anarako tao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Oh, tiako Izy! Tsy misy fomba mihitsy, mba hilazana . . . ? . . . Tsy mahagaga raha hoy ny Baiboly hoe, "Tsy mbola hitan'ny maso, tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao amin'ny fon'ny olona." Oh, oadray! Be voninahitra toy ny ahoana Andriamanitra! Tsy te-hatoky Azy ve ianareo, raha sasatra sy misavoamboana?

170 Mbà menatra ianareo ry Kristiana, izay miantso ny tenanareo ho Kristiana, nefa dia mivezivezy miaraka amin'ny hasasarana. "Eny, tsy fantatro. Raha mandeha any am-piangonana aho, ny . . . " Oh, fialan-tsiny mahantra iray ianareo.

171 Mamelà ahy hiteny aminareo. Atrakao ny lohanareo. Abontsony ny tratranareo. Oh, oadray! Oh, ampiasao ny finoana. Ny finoana no mpifehy. Marina izany. Ny finoana dia manana volo eo amin'ny tratrany. Rahalahy, ny tiako lazaina dia, manana ozatra lehibe izy. Rehefa miteny izy, dia miraraka etsy sy eroa ireo fanahiana.

172 Hoy ny Devoly hoe, "Ankehitriny, tsy ho vitanao fotsiny izany. Tsy hainao ny manao an'io. Menatra ianao ny hijoro vavolombelona."

173 Mitsangana ny finoana, manao hoe, "Mangina! Izaho no miteny." Amena. Azo antoka. Ny finoana no mandray ny faharisihana. Izany no ilaintsika amin'izao andro izao ho

an'ny mpivahiny tsirairay eto amin'ny firenena. Ahitsiho ny lohanareo.

174 Hoy ny Baiboly hoe, "Rehefa izaho no . . ." Hoy Davida hoe, "Rehefa natahotra aho, dia nandeha niaraka . . . Nahatoky Azy aho. Rehefa natahotra aho, dia nahatoky Azy aho. Na dia mandeha eo amin'ny tahotry ny fahafatesana aza aho, ny aloka . . ."

175 Rehefa tonga i Paoly, dia hoy izy hoe, "Ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao? Ry fasana, aiza ny fandresenao?" Rahalahy . . .

> Ny fiainan'ireo lehilahy mahery rehetra dia mampahatsiahy antsika,
> Fa afaka manao ny fiainantsika ho ambony indrindra isika,
> Eo amin'ny fisarahana, dia mametraka aoriantsika
> An'ireo dian-tongotra eo amin'ny fasiky ny fotoana.

176 Indray andro any, dia hipetraka any amin'ireo havoanan-danitry ny Voninahitra, izay misy ny masoandro tsy hilentika intsony ao amin'io Tanàna io, izay misy an'ireo masina efa miantsoantso, ireo mahery fo tranain'ny Finoana, mijery any aoriana ao amin'ireo toerana any ireo, ka mahita ny làlantsika, nataon'ny Voninahitra. Te-hipetraka miaraka amin'izy ireo aho, ka hahita fa nanatraka ny lohako aho ary nahatoky an'Andriamanitra, sy nanohy, tao anatin'ny fotoan'ny oram-baratra. Oh, oadray!

Ndao isika hivavaka.

177 Rainay An-danitra, misaotra Anao izahay izao maraina izao noho ny amin'i Jesosy. Misaotra Anao izahay noho ny fahatanterahan'ny Filazantsara, noho ny fanatanterahana, sy ny fahefana Mandrakizay an'Andriamanitra Mandrakizay, ny Teny voambara. Ary araka ny Teniny, dia niantso anay Izy sy nifidy anay tao Aminy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ary nanoratra ny anaranay talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Rehefa miteny teny iray Andriamanitra, dia tsy maintsy mitranga izany. Tsy maintsy mitranga mihitsy izany. Ary nanonona ny anaranay Ianao rehefa nanonona ny Anarany Ianao. Ianao no nifidy anay, niaraka Taminy, talohan'ny nanombohan'izao tontolo izao, noho izany dia tsy misy na inona na inona azonay lazaina fa ho vitanay, Tompo. Izany dia—izany dia tsy ao amin'ny taranak'olombelona. Tsy misy na inona na inona azonay ireharehana na hihamboana. Ny zavatra tokana lazainay, dia hoe, "Andriamanitra, misaotra Anao noho ny Fahasoavanao. Misaotra Anao noho ny Famindram-ponao, Tompo. Hita fa mpivahiny izahay, fa ankehitriny dia Ianao no nahatanteraka anay niaraka tamin'ilay Fanatitra tanteraka

izay ijoroanay, O Andriamanitra, ijoroanay ao Aminy, androany, raha mandroso izahay." Misaotra Anao, Ray, ny amin'ireo zavatra ireo.

178 Mangataka izahay, raha misy anankiray eto androany, Tompo, izay tsy ao anatin'izany toerana izany, enga anie izy ireo amin'ity fotoana ity handray ny fanapahan-keviny tokana sy Mandrakizay ary farany indrindra, mialohan'ny Hanaovanao ny Antsonao farany sy farany indrindra ao amin'ny fon'izy ireo. Mivavaka izahay mba Hanekenao an'izany amin'ny alàlan'ny Anaran'i Kristy.

179 Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika, dia manontany tena aho raha mba misy olona eto izao maraina izao, izay tena ao anatin'ilay virijiny natory mihitsy; tsy nifoha mihitsy ianareo ho an'ilay fahafantarana fa tokony hamonjy fanahy ianareo, tokony hanao zavatra ianareo? Ary tianareo hahatsiaro anareo Andriamanitra, ho toy ny mpamonjy fanahy iray; tianareo ny ho anankiray izay hivoaka ka hiezaka hahazo fanahy voavonjy? Hanangana ny tànanareo ve ianareo, hanao hoe, "Andriamanitra, tsarovy aho." Andriamanitra hitahy anareo. Tsara izany. Eny àry.

180 Mba misy olona ve eto izao maraina izao izay tsy nanaiky mihitsy an'i Kristy ho Mpamonjy na dia indray mandeha aza, fa, izao maraina izao, dia te-handray an'izany fanapahan-kevitra farany indrindra sy Mandrakizay izany? Raha mahita ny masoandro milentika ianareo any, dia fantatrareo fa andro vitsy sisa dia tsy ho eto intsony isika. Fantatrareo izany. Fa ianareo mila ny—ianareo mila ny hiditra ao amin'ilay Fanjakan'Andriamanitra. Tianareo handray anareo Andriamanitra. Ary mino ianareo fa manao an'izany Izy, ka hanangana ny tànanareo ianareo vokatr'izany, izao maraina izao, fa mino ianareo fa mandray anareo tahaka ny Zanany Kristy ankehitriny. Andriamanitra hitahy anareo. Ary Andriamanitra hitahy anareo.

181 Olona hafa anankiray, handray Azy ho Mpamonjinareo manokana ve ianareo, amin'ity andro ity? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Manomboka amin'ity andro ity, manomboka izao, dia hanompo an'Andriamanitra amin'ny foko rehetra aho ankehitriny. Mino aho. Ary te-ho tsarovana aho. Ny fiainako rehetra, nisy Zavatra nandondona teo amin'ny foko, dia nandondona teo amin'ny foko, fa nolaviko Izany. Ary matahotra aho sao mety mandà an'Izany amin'ilay fotoana tsy tokony ho izy ankehitriny. Ka noho izany, izao maraina izao, Andriamanitra, noho ny fahasoavana, dia mandroso aho ary manangana ny tànako, manao hoe, 'Mamindrà fo amiko, mpanota'"?

182 Hisy anankiray hafa ve? Andriamanitra hitahy anao. Ary hitahy anao, ry zazavavy kely. Izaho dia mahita ny tànanao,

ihany koa, ry malala. Eny àry. Olon-kafa anankiray, hanangana ny tànanareo ve ianareo, manao hoe, "Tsarovy aho"?

183 Misy mpiverin-dàlana iray ve, ka hanao hoe, "Oh, Rahalahy Branham, Kristiana aho, saingy fialan-tsiny mahantra iray aho ho an'ny olona. Miverin-dàlana tsy an-kitsahatra aho ary manao izay ratsy. Ary izaho—izaho dia tia an'Andriamanitra. Andriamanitra no naka ahy noho ny fahasoavana. Fantatro fa Zanany aho. Saingy tsy mba niasa mihitsy aho, tsy nanao ny asan'ny Tompo mihitsy aho. Nanaradrian-drano teny fotsiny aho, dia niditra sy nivoaka, dia niditra sy nivoaka. Saingy misy Zavatra mihazona ahy hatrany, ao anatin'ny foko. Menatra ny amin'ny fanambarako aho. Menatra aho ny hihaona amin'Andriamanitra, izao maraina izao, tsy nisy fanahy anankiray na inona na inona. Izaho—izaho—izaho mila an'Andriamanitra hamerina ahy sy hamihina ahy eo amin'ilay Lanivohony mandeha rà, ary hanome ahy ny fikaravasiana, izay mendrika ahy, ary hamela ahy ho tena Kristiana iray manomboka amin'ity andro ity, manomboka izao. Hanangana ny tànako amin'Andriamanitra aho. Izany no tiako Hataonao, Andriamanitra."

184 Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, ianao, ianao, ianao. Fa, ankehitriny dia mahita ny fonareo Andriamanitra. Ary maro aminareo no nanangana ny tànanareo, fantatro ianareo. Fantatro ny fiainanareo ambony-sy-ambany. Raha ianareo . . . (Mivavaka ny sisa amin'ireo Kristiana.) Fantatro ny toeranareo ambony-sy-ambany. Fantatro ny fiverenan-dàlanareo. Mahafantatra azy ireny bebe kokoa Andriamanitra, raha izaho no nahafantatra azy ireny. Mahita anareo manatona ny alitara aho, miezaka ny manao fanombohana iray, dia miverina; miezaka ny manao fanombohana iray, dia miverina.

185 Lehilahy iray vao avy maty nianjera, andro vitsy lasa izay, izay nampianatra sekoly Alahady teto taloha. Matahotra aho sao eto ny sasany amin'ireo havany. Afaka miantso ny anarany aho, maro aminareo no mahafantatra hoe iza no resahiko. Io lehilahy io dia tonga teto am-piangonana, dia niverina izy; tonga teto am-piangonana izy, dia niverina izy. Te-hanao ny tsara izy. Nanana fahatsapana iray niaraka tamin'Andriamanitra izy. Lehilahy tsara fanahy iray izy, tao am-pony, saingy nandeha nitavozavoza niaraka tamin'izao tontolo izao be loatra izy. Maty izy, lehilahy tanora iray. Nandao an'izao tontolo izao izy. Ankehitriny dia manontany tena aho hoe inona no ho valim-pitiany. Hitanareo? Aza manao an'izany. Aza manao an'izany, ry sakaiza. Mijanona ao amin'ilay asa.

186 Raha afaka niverina teto an-tany io lehilahy io androany, ka nitsangana any amin'ny tanàna any, na aiza na aiza, eo amin'ilay tena toerana izay nahafatesany mihitsy, dia afaka hikiakiaka izy ka hihazakazaka hankaty amin'ny tabernakla haingana

arak'izay hahatongavany. Ry tovolahy, ho lazaiko anareo, fa hisy fanahy ho voavonjy amin'ity herinandro ho avy ity, rehefa ho tonga eto izy. Any am-pitan'ilay tsipika izy ankehitriny. Saingy, tsarovy, raha mbola misy foana ny Mandrakizay anankiray, raha mbola misy lanitra lalina anankiray foana, dia tsy hanana anjara iray hafa intsony izy ireo hamonjena fanahy iray, tsy hanana anjara iray hafa intsony hiaina ho an'Andriamanitra. Efa naka ny fanapahan-keviny farany indrindra izy.

187 Ahoana ny aminareo, izao maraina izao? Ndao ataontsika mahitsy izany, ho an'Andriamanitra, raha mbola manondrika ny lohantsika isika. Omeo naotin-kira kely izahay, "Ery am-pitan'i Jordana."

Ery am-pitan'. . . (Ankehitriny manohiza mivavaka.) . . . i Jordana,
Ao amin'ireo saha mamin'i Edena, (Moramora ankehitriny, isika rehetra.)
Izay misy an'ilay Hazon'Aina iray mamoa,
Eo no misy fitsaharana ho anao.

Jesosy no manapaka ny rojon-gadra rehetra,
Jesosy no manapaka ny rojon-gadra rehetra,
Jesosy. . . (Inona no mihazona anareo?) . . . rojon-gadra rehetra,
Rehefa manafaka anao Izy!

Izaho mandrakariva, mandrakariva dia hidera Azy,
Izaho mandrakariva, mandrakariva dia hidera Azy,
Izaho mandrakariva, mandrakariva dia hidera Azy,
Satria manafaka ahy Izy!

Ankehitriny isika rehetra, miaraka, moramora.

Ery am-pitan'i Jordana, (eo am-pitan'ilay renirano any mihitsy)
Ao amin'ireo saha mamin'i Edena
Izay misy Hazon'Aina iray mamoa,
Eo no misy fitsaharana ho anao.

Nahoana, Jesosy no manapaka ny rehetra . . .

188 Ireo rojon-gadran'ny fihafahafana, ireo rojon-gadram-pivavahana, ireo rojon-gadran'ny anaram-piangonana, ny rojon-gadran'ny fahotana, ny rojon-gadran'ny tsy finoana.

Jesosy. . . (Akaiky ny Fanatrehany.) . . . ny rojon-gadra rehetra.

Raiso fotsiny ny fanapahan-kevitrareo.

Rehefa nanafaka anao Izy!

Izaho mandrakariva, mandrakariva dia hidera Azy,

Andriamanitra hitahy anao, ramatoa.

. . . hidera Azy,

189 Olon-kafa anankiray, hamela an'ireo rojon-gadra manodidina ho tapaka. Tsy te-ho afaka ve ianareo, androany? Inona no ihamboanareo fotsiny? Nahoana, mahantra amin'ny tenanareo fotsiny ianareo, raha tsy afaka ianareo; ny Fanahy Masina, ireo tapa-kazo rehetra niala tamin'ny làlana, ny Fanahin'Andriamanitra midina ao am-ponareo. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy.

Ery am-pita . . .

190 Angamba zavatra kely ratsy anankiray no mihazona anareo. Tsy te-ho voavonjy ve ianareo? Antenaiko fa ny anarantsika dia miara-miraikitra. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Antenaiko fa ny anarantsika dia miara-miraikitra, any amin'ny Voninahitra any, ho kintan'Andriamanitra, mamirapiratra mandrakizay. Mijery ianareo dia hanao hoe, "Io mitsangana io Rahalahy Branham."

191 Hiteny aho hoe, "Oh, hia, rahalahy. Tsaroanao ve ilay tao amin'ny tabernakla tamin'io maraina io?"

. . . mamoa,
Eo no misy fitsaharana ho anao.

Izaho mandrakariva, mandrakariva dia hidera Azy, (Tsy tianareo ve ny hanao an'izany?)
. . . mandrakariva, mandrakariva dia hidera Azy,
Izaho . . .

192 Ry mpiverin-dàlana, tsy te-handroso eto amin'ny alitara ve ianareo ankehitriny?

Re- . . .

Io zavatra kely ratsy izay mijoro eo amin'ny làlanareo io. Jesosy no manapaka an'izany rojon-gadra izany. Avia.

Rehefa manafaka anao Izy!

Teo amin'ilay hazo fijaliana izay nahafatesan'ny Mpamonjiko,
Teo no niantsoantsoako ho fanadiovana ny ota;
Oh, teo ny foko no nopetahana an'ilay Rà;
Voninahitra ho an'ny Anarany!

Oh, voninahitra ho an'ny Anarany sarobidy!
Oh, voni- . . .

193 Ry sakaiza mpanota, eto amin'ity alitara ity, ry mpiverin-dàlana, lazao Azy ny amin'izany ankehitriny. Taiza ilay izy?

Teo ny foko no . . .

194 Mandohalika irery miaraka amin'Andriamanitra eo ianareo ankehitriny. Mijery anareo Izy. Tsy misy tsintsina iray afaka mianjera raha tsy efa Fantany izany.

Oh, tongava eo amin'ity loharano tena manan-karena ity, mamy, malefaka,

195 Raha mbola tsy nandray mihitsy ny Fanahy Masina ianareo, dia avia. Eto Izy.

. . . eo an-tongotr'ilay Mpamonjy;
Oh, miroboha ao androany, ary aoka ho feno;
Oh, voninahitra ho an'Ny. . . (Tazony eo izany ankehitriny.)

196 Raha mbola miondrika ny lohanareo. Efa mba voamarikareo ve ireo olona izay nandray an'i Kristy? Diniho hoe karazana toerana inona no idiran'izy ireo, ahoana no nahazoan'izy ireo an'Izany, dia ho hitanareo fa manao tahaka an'izany izy ireo. Izany tokoa. Raha avy amin'ny fientanam-po ilay izy, sy fahataitairana ary ara-pihetseham-po, dia ho voataiza tahaka an'izany ilay ankizy. Izany no làlana halehany. Raha mangatsiaka ilay izy, ara-pomba, ary tsy miraika; mazàna dia izany izy ireo. Mandray an'ilay karazana fanahy izy ireo, satria izany no miasa eo amin'izay fotoana izay.

197 Ento any amin'ilay hazo fijaliana aho. Ento any amin'ny toerana izay misy ny Fanahy mihetsika aho, izany no mampalefaka ny foko. "Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny Anjely aza aho, na dia omeko ho an'ny mahantra aza ny fananako rehetra, ny tenako ho dorana ho fanatitra iray, manana ny fahalalana hahafantatra ny zava-miafina rehetra sy ireo zavatra rehetra ireo, dia tsy hahomby izany rehetra izany. Fa rehefa tonga io tanteraka io, dia ny fitiavana, izany no haharitra mandrakizay." Ny fitiavana mamokatra finoana.

198 Tsy ho avy ve ianareo raha mbola mihetsika eto amin'ny alitara io fihetseham-po maha-te-ho tia, manetry tena, mamy an'ny Fanahy Masina io ankehitriny. Mandohaleha fotsiny, manaova hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko. Mila Anao aho hanome ahy ankehitriny, ao anatin'ny foko, an'io Fanahy izay ato amin'ny fiangonana io. Mandohalika aho ankehitriny, ary mangataka aho. Ary, amin'ny finoana, dia mino aho fa hanaiky an'izany ho ahy Ianao." Hivoaka eto ianareo, iray amin'ireo fanahy manetry tena indrindra, malemy fanahy indrindra. Hifarana ny zavatra rehetra amin'izay fotoana izay.

Voavonjy tamim-pahagagana tokoa tamin'ny ota aho,
Jesosy no mitoetra ato anatiko am-pahamoram-panahy tokoa;
Oh, teo amin'ilay hazo fijaliana teo no Nandraisany ahy;
Voninahitra ho an'ny Anarany!

Voni-. . .

199 Raha mbola mihira an'izany isika, dia manontany tena aho raha misy Kristiana izay te-hanokana ny fiainany indray miaraka amin'ireto eto amin'ny alitara ireto, izay manatona ho an'ny Fanahy Masina sy ho an'ny famonjena. Tianareo ve ny handohalika eto miaraka aminay, hivavaka miaraka aminay mandritry ny minitra vitsy? Ny zavatra rehetra izay ilainareo, tsy mampaninona na inona na inona ilay izy. Raha aretina ilay izy, dia mila fanasitranana ianareo. Raha olana ilay izy, dia mila fitoniana ianareo. Raha miahiahy sy mikorontana ianareo, mila—mila fiadanana. Avia ankehitriny, tsy ho avy ve ianareo?

Oh, tongava eto amin'ity loharano tena manan-
karena sy mamy ity;
Atsipazo ny fanahinareo mahantra ho eo amin'ny
an'ny Mpamonjy. . .

Tena faly aho mahita marobe manatona, izao maraina izao.

. . .ao androany ary aoka ho feno;
Voninahitra ho. . .

200 Hitanareo, izany no asa iray an'ny Fanahy Masina. Izy no manao an'izao. "Ho. . ." Tsy ara-pihetseham-po. Mafy, lalina. Tsy fanatika. Tsy ara-pomba izany. Izany dia ny fitiavana izay mitarika, manery antsika.

Teo ny foko no nopetahana an'ilay Rà;
Oh, voninahitra ho an'ny Anarany!

201 Mahafinaritra! Ny rehetra miondrika fotsiny ankehitriny. Tsy tianareo ve izao? Tsy fantatro hoe ahoana no fahatsapanareo, fa izaho dia toa mahatsapa mihitsy, ao amin'ny foko, tsapanareo mihitsy ireo vongan-dranomaso ao anatinareo, midina. Ny Fanahy Masin'Andriamanitra, eo am-panaovana an'ilay asa mihitsy Izy. Rahalahy, omeo fiangonana tahaka an'izany aho, izay tena torotoro tokoa, mandeha eo an-tranon'ilay Mpanefy, mba ho lasirina indray.

Jesosy, tazony eo akaikin'ilay hazo fijaliana aho,
Eo no misy loharano sarobidy iray,
Afaka amin'ny rehetra. . .

202 Aoka ny mpanatrika hanampy hihira an'izany ankehitriny, raha mbola eto amin'ny alitara ireo mpifona, mangataka.

Mikoriana avy ao amin'ny loharanon'i Kalvary.

Ao amin'ilay hazo fijaliana, ao amin'ilay hazo
fijaliana,
Oh, aoka ho voninahitro mandrakariva;
Ary ny fanahiko ampakarina dia hahita
Fitsaharana any ankoatr'ilay renirano.

203 O Andriamanitra, Rainay, manatona Anao izahay, androany, am-panetre-tena, torotoro. Miditra ao amin'ny Teny ny

Fanahy Masina. Ireo Kristiana dia tena manka-. . . ary tena mankasitraka Anao, fa nanaiky Anao izy ireo, nateraka indray. Ianao no nanendry an'izao hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ianao no nanambara an'izany. Hoy Ianao hoe, "Manana zavatra maro ho lazaina aminareo Aho, izay tsy Azoko lazaina aminareo ankehitriny. Fa rehefa tonga Izy ilay Fanahy Masina, dia Izy no hanambara aminareo an'ireo zavatra ireo, sy hampianatra anareo ary hitari-dàlana anareo." Tena feno fisaorana izahay, izao maraina izao, ny amin'ny Fanahy Masina izay manambara ny Tenin'Andriamanitra. Hoy Ianao hoe, "Ary Izy no hitondra an'ireo zavatra ireo eo amin'ny Ahy. . . ny fahatsiarovanareo, dia izay efa Nolazaiko taminareo. Ary Izy no haneho aminareo an'ireo zavatra ho avy."

204 Tena faly izahay fa miaraka aminay Izy androany. Ary tamin'ny alàlan'ny fampianarana ny Teny, sy ny fiasan'ny Fanahy Masina, no nahatonga an'ireo Kristiana hifoha, nahatonga an'ireo mpanota hanatona Anao, ireo mpiverin-dàlana hanokana indray ny tenany. Ray, eto amin'ny alitara izy ireo. Izy no nanao an'ireo marary sy sasatra, izay efa ory, ho tonga sy hanondrika ny lohany, mba hanaiky ny fanasitranana ny vatany, mahafantatra fa ny Teninao voambara no Fahamarinana. Ny zavatra rehetra sisa dia ho diso, fa ny Teninao dia tsy mety diso mihitsy. Ny Marina! "Ho fantatrareo ny Marina, ary ny Marina no hanafaka anareo."

205 Ary manatona izahay mba hanaiky, izao maraina izao, an'izay efa Nomaninao ho anay, ao amin'ny fahatsapan'ny Fiaretanao sy ilay fanaovam-panavotana, teo amin'ny Fahafatesanao, izay Nataonao ho anay. Ary maimaim-poana, Tompo Jesosy, no andraisanay an'izany. Mino ny Tenin'Andriamanitra izahay. Mino izahay fa Ianao no nampanantena hoe, "Izay hanatona Ahy, dia tsy ho Laviko mihitsy." O Andriamanitra, fampanantenana toy ny inona! Tsy mampaninona na ho an'ny inona ilay izy, Ianao no niteny hoe, "Rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa azonareo izay nangatahanareo. Ho azonareo izany."

206 Ankehitriny, Ray, raha tena mino marina tokoa izahay, dia milamina izany. Mino an'izany izahay. Efa vita ilay izy. Avy eo dia miasa eo amin'ny fanambaranay izahay, hoe Ianao no efa nanao an'izany ho anay. Tsy hoe izahay no mendrika; tsy mendrika izahay. Fa amin'ny alàlan'ny Fahasoavanao tsy mendrika anay izay azonay avy Taminao, dia mino izahay fa efa vita ilay asa.

207 Ary ireto mpifona ireto, sy ireo izay tonga amin'izao maraina izao, manokana ny tenany, ary ho an'ireo izay ho avy ho an'ny fitahian'ny fiaretana, araka ny nolazain'i Davida hoe, "Misaora ny Tompo, O ry fanahiko, ary aza adinoinao ny Fitahiany rehetra; Izay namela ny heloko rehetra, ny fiverenan-dàlako; sy izay nanasitrana ny aretiko rehetra." Izany no fitahian'ilay

mpino. Ary mandray an'izany izahay, amin'ny alàlan'ny finoana, izao maraina izao, amin'ny alàlan'ny fahatongavana eo amin'ny Tenin'Andriamanitra, izay efa voambara talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Raha toa ka tsy nety ny hitrangan'izany, dia tsy mety aminay koa izany ny hahazo izay angatahanay, raha mangataka an'izany amin'ny finoana mino izahay. Ary izany no mipetraka ao anatin'ny fonay, Tompo, mba hahazo izay nangatahanay.

208 Jesosy, hazony eo akaikin'ilay hazo fijaliana izahay. Rehefa tonga tahaka ny ranobe ny fahavalo, Tompo, dia atsangano ny faneva hanohitra azy. Tahio ity fiangonana kely, miandry ity. Andriamanitra, enga anie ny Fanahinao Masina handray an'ireo izay nanokana ny fiainany, ireto lehilahy sy vehivavy izay nandohalika teto amin'ny alitara ireto. Ireo mpanota izay tonga ka nanondrika ny lohany, ampidiro ao amin'ny Fanjakanao izy ireo.

209 Tompo, fantatro fa ny finoan'izy ireo manokana, amin'ny minitra izay inoany Anao, dia izany no minitra Nandraisanao azy ireo. Fa hoy Ianao hoe, "Tsy misy olona afaka manatona raha tsy ny Raiko no mitarika azy. Ary izay rehetra manatona, dia Izaho no hanome azy Fiainana mandrakizay, ary hanangana azy amin'ny andro farany." Izany no Teninao, Tompo. Mino an'Izany izahay.

210 Ary efa vita izany, ilay asa dia efa vita, ary misaotra Anao izahay amin'izany. Misaotra Anao izahay ny amin'ny fanasitranana ny vatana tsirairay, ny amin'ny fanahy sasatra tsirairay, ny amin'ny zavatra tsirairay izay ny Anao . . . Ireo izay nanana tànana malemy niraviravy, ireo izay feno tahotra, ireo izay manahiahy. Hoy Davida hoe, "Rehefa natahotra aho, raiki-tahotra, dia nahatoky Anao aho tamin'izany ka nandroso."

211 Andriamanitra, avelao izahay hampitraka ny lohanay, izao maraina izao; tsy kanosa, fa Kristiana izay mino an'i Jesosy Kristy. Enga anie izahay handroso, miaraka amin'ny fanambaranay mamirapiratra. Enga anie, amin'ny alàlan'ny fanasitranana ny vatanay, amin'ny fanambaranay ny famonjena anay, enga anie izahay hahazo hafa ho Anao. Ekeo izany, Ray, raha apetrakay eto amin'ny alitara izany rehetra izany. Ekeo izany ho an'ny Voninahitrao, raha mino Anao sy miandry Anao izahay, Tompo.

212 Eto no toerana, mandro fotsiny ao amin'ny Fahatsaranao, mandro fotsiny ao amin'ny Fampanantenanao, mahatsapa fa ny Fanahinao Masina lehibe no manao anay hila sitraka Aminao. Toy ny ahoana no itiavanay Anao! Toy ny ahoana no hideranay Anao!

213 Toy ny ahoana no hanompoako Anao, Tompo! Ny tenako, indro eto aorian'ity alitara masina ity, miaraka amin'ny tànako mitsangana Aminao, manompo Anao aho, Andriamanitro.

Manompo Anao aho. Ianao no Mpanasitrana ahy, Mpamonjiko, Mpanjakako, Mpanome ahy, Raiko, Rahalahiko! Ny amiko rehetra dia mitoetra ao Aminao. Ianao no heriko. Izaho ampahibemaso . . . Ianao . . . Hoy Davida hoe, "Hidera Anao aho eo amin'ny fiangonan'ny olona masina." Ary hanolotra fiderana ho Anao aho eo anatrehan'ireto masina ireto izao maraina izao. Midera Anao aho noho ny fahasitranako. Midera Anao aho noho ny aiko. Midera Anao aho noho ny fahasalamako. Midera Anao aho noho ny fahatsarana izay Nasehonao tamiko. Midera Anao aho noho ny sakaizako. Midera Anao aho noho ny zavatra rehetra, Tompo. Mahafinaritra Ianao, fifaliana tsy hay lazaina ary feno voninahitra! Toy ny ahoana no hiderako Anao!

214 Toy ny ahoana no ahafahako manoro Anao amin'izay sasatra! Toy ny ahoana no ahafahako manoro Anao ho an'izay manota, mba ho Mpamonjy! Toy ny ahoana no ahafahako manoro Anao amin'izay marary, mba ho Mpanasitrana! Toy ny ahoana no ahafahako manoro Anao ho an'izay mirenireny, mba ho Mpanjaka! Oh, toy ny ahoana no itiavako Anao, izao maraina izao! Toy ny ahoana no ahafahako manoro—manoro Anao, Tompo, ho an'ireo izay ampahoriana, mba—mba ho fifaliana feno ao amin'ilay toby! Toy ny ahoana no isaoranay Anao!

215 Oh, Ianao no Vatolampy ao an-tany mahasasatra, ilay Fialofana amin'ny fotoan'ny oram-baratra; ilay Alfa, Omega, ny Fiandohana sy ny Fiafarana; ilay Raozin'i Sarona, ilay Lisin'ny Lohasaha, ilay Kintan'ny Maraina! Oh, toy ny ahoana no itiavanay Anao! Toy ny ahoana no hanompoanay Anao sy hideranay Anao, Ianao ilay Tokana Mandrakizay tsy manantsahala! Atolotray Anao ny fiderana. Oh, hidera Anao izahay, ary atolotray Anao ny fiderana, mandritry ny taona rehetra!

216 Raiso izahay, Tompo, raha manolotra an'ireto fitahiana ireto, ireo vokatry ny molotray. Hoy Ianao hoe, "Olona voatokana izahay, fanjakam-pisorona, manao fanatitra arapanahy, ireo vokatry ny molotray no manome fiderana ho an'ny Anarany." Toy ny ahoana no hideranay Azy! Toy ny ahoana no hanompoanay Azy mandrakizay mandrakizay! Oh, raiso ireo fanompoana marina avy amin'ny fonay, ny fanehoan'ny molotray, Tompo, fa avy ao amin'ny lalin'ny fo madio iray no hideranay Anao. Mahafantatra, fa, ilay izy dia tsy izay azonay atao. Ilay izy dia tsy ny fiainanay; ilay izy dia ny Fiainany. Ilay izy dia tsy ny famonjenay; ilay izy dia ny Famonjeny. Ilay izy dia tsy ny lanitray; ilay izy dia ny Lanitrany. Oh, izahay dia tsy asanay manokana; izahay dia Asany. Tsy ny fahasoavanay; ilay izy dia ny Fahasoavany. Tsy ny voninahitray; fa ny Voninahiny. Tsy ny herinay; fa ny Heriny. Oh, toy ny ahoana no itiavanay Anao! Tsy ny fiangonanay; fa ny Fiangonany. Toy ny ahoana no hideranay Anao, fa izany ny fonay, Tompo. Izany ny fonay. Raiso izahay.

217 O Andriamanitra, alefaso ho an'ilay Branham Tabernacle kely ny famafazana iray an'ny Fanahy. Sitrakao ve, Tompo? Oh, mila zavatra izahay, eto amin'ny zorony eto. Andriamanitra, ampidino ireo oram-pitahiana. Arotsahy ilay oran'Andriamanitra, ilay loha-orana sy fara-orana.

218 Ny pasiteranay ataovy batisa, indray, Tompo. Areheto amin'ny Filazantsara izy. Tianay izy, androany, Tompo. Mpanomponao izy. Mivavaka izahay mba Hanosoranao ny fony.

219 Hosory ny fon'ireo mpitory teny hafa ato amin'ny tranobe izao maraina izao, ary ny mambra tsirairay. Enga anie izahay hivoaka eto, Tompo . . .

220 Ary aza adino ny Mpanomponao mahantra, tsy mendrika, ny tenako, Tompo. Mba Ianao anie no hanosotra ahy indray ny Fanahy Masina. Ekeo izany, Tompo.

221 Omeo fitahiana izahay. Miandry am-panetre-tena eto amin'ny alitara izahay, mahafantatra fa hahazo an'izany, mampandro ny tenanay ao amin'ny Fanahinao Masina; ary tsy menatra ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy, ilay Herin'Andriamanitra, ho an'ny famonjena. Toy ny ahoana no isaoranay Anao ny amin'Izany!

222 Amin'ny andro be voninahitra anankiray, dia manantena ny hahita Anao izahay, Tompo, hametraka ny tànanay eo ambonin'ny tongotr'ilay Tokana izay mitsangana miaraka aminay androany, izay tsy hitanay, saingy fantatray fa eto Izy. Toy ny ahoana no hideranay Azy!

. . . any amin'io tanàna io,
Tsy hilentika intsony ny masoandro;
Ireo voninkazo dia mamoa mandrakizay,
Ary ny masoandro tsy hilentika intsony.

Toa te-handeha ho any aho, toa te-handeha ho any aho,
Toa te-handeha ho any aho;
Ireo voninkazo dia mamoa mandrakizay,
Ary ny masoandro, tsy hilentika intsony.

Firy no mahatsapa an'izany? Atsangano ny tànanareo.

Toa te-hihiaka, indraindray toa te-hihiaka aho,
Toa te-hihiaka aho, toa te-hihiaka aho;
Ireo voninkazo dia mamoa mandrakizay,
Ary ny masoandro, tsy hilentika intsony.

Toa te-handeha aho, toa te-handeha aho,
Toa te-handeha aho;
Ireo voninkazo dia mamoa . . .?. . .

223 Ianao no Tokana eo amin'ny lohan'ilay sambo, Tompo. Fantatrao ny rehetra mikasika an'izany. Mangataka an'izany fitahiana izany amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

224 Ray An-danitra Malala, raha mandalo eo amin'ny alitara izahay, mametra-tànana eo amin'ireo izay miandry fitahiana bebe kokoa angamba, dia enga anie ny Fanahy Masina, izay tsy nikasika tamin'ilay tena fanao mihitsy . . . Fa mivavaka izahay, Ray An-danitra, mba Hanekenao an'ilay fitahiana . . . ? . . . Oh, mitenena, Ray An-danitra, mamindrà fo amin'ny anabavinay.

225 Ray An-danitra Malala, raha mandeha eto ity vehivavy malala ity amin'ny alàlan'ny finoana . . . Andro maro izay no naha-teto azy; ireto volo fotsy sy fiketronana . . . ? . . . Fa asa sarotra betsaka no tsy maintsy handalovana eto. Tsy isalasalana fa ireto tànana ireto dia namadibadika ny pejin'ny Baiboly, mitsangana any Aminao. Tsy isalasalana, fa marina amin'ny fo, izao maraina izao, nandringa izy niditra an'ity fiangonana ity, niaraka tamin'ny tehina iray teo ambanin'ny sandriny. Saingy ankehitriny, amin'ny alàlan'ny finoana, dia apetrany izany, mba handehanana. Sitrano izy, Tompo. Tonga izy ho an'ireo fitahian'Andriamanitra. Mivavaka aho, Andriamanitry ny Lanitra, mba Hitahianao azy. Ary enga anie izy tsy ho voatery hanana an'ilay izy intsony, amin'ny androny sisa. Omeo hery izy ao amin'ny vatany. Avelao izy hahazo fanahy ho Anao, Tompo, ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

226 Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Aza . . . Tsy ho voatery tsy maintsy hampiasa an'iny tehina antitra iny ianao, tsy mino aho, intsony mihitsy. Mety tsara ianao, ary mino aho fa hody any an-trano ianao tsy misy an'io. Amena. Rehefa mivoaka ny tranobe ianao, dia apetraho eo amin'ny sorokao io, dia mandehana mivoaka. Hifarana avokoa izany.

227 Ray, Andriamanitra, mivavaka izahay mba Hitahianao an'ity vehivavy izay mitsangana eto ity androany. Ataovy tsara tanteraka izy. Ekeo izany, Ray. Mametra-tànana eo aminy izahay ary mino an'izany, amin'ny Anaran'i Jesosy.

228 Ray, Andriamanitra, mametra-tànana eo amin-dRanabavy Slaughter izahay, ary mangataka azy mba ho sitranina. [Elanelana tsy voaraki-peo.—Mpand.]

229 Andriamanitra Malala, mametra-tànana eo amin'ny . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

230 Tsy fantatro hoe manao ahoana ianareo. Hihira ny andininy aho; ianareo hihira ny isan'andininy miaraka amiko.

Ny maty voalohany ho an'ity planin'ny Fanahy Masina ity,
Dia Jaona Mpanao-batisa, maty toy ny lehilahy iray izy;
Avy eo dia tonga ny Tompo Jesosy, nohomboan'izy ireo Izy,
Nitory Izy fa ny Fanahy no hamonjy ny olona amin'ny ota.

Mitohy mitete rà, eny, mitete rà Izany,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity (Tiako Izany.), mitete rà Izany,
Ny ràn'ireo mpi-. . . (Avelao izao tontolo izao hilaza an'izay tian'izy ireo lazaina.) . . . izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitohy mitete rà.

Avy eo dia notorahan'izy ireo vato i Stefana, nitory nanohitra ny ota izy
Nampahasosotra azy ireo loatra izy, nohosihosen'izy ireo ny lohany;
Saingy maty tao amin'ny Fanahy izy, natolony ny fanahy,
Dia nandeha nikambana tamin'ireo hafa, ilay mofo mamelon'aina.

Nitohy mitete rà, . . .
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity, mitete rà Izany,
Ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity, dia mitete rà.

Teo i Petera sy Paoly, ary Jaona ilay masina,
Nanolotra ny ainy izy ireo mba hahafahan'ity Filazantsara ity hamirapiratra;
Nafangaron'izy ireo ny ràny, tamin'ireo mpaminany fahiny,
Mba hahafahan'ilay Tenin'Andriamanitra tena izy ho voalaza marina.

Mitohy mitete rà, eny, mitete rà,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity, mitete rà Izany,
Ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity, mitete rà Izany.

Ireo fanahy eo ambanin'ny alitara, miantso hoe, "Rahoviana?"
No hanasazian'ny Tompo an'ireo izay nanao ratsy; (Henoy.)
Fa mbola hisy maro ireo izay hanome ny ràn'ny ainy,
Ho an'ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity sy ho an'ny fikorinany mena.

Oh, mitohy mitete rà Izany, eny, mitete rà Izany,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity, mitete rà Izany,
Ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy masina ity dia mite-. . .

231 Firy no faly izao maraina izao fa nahazo ny Fanahy Masina ianareo? Atsangano ny tànanareo. Tsy mahafinaritra ve Izany? Azo antoka.

Mitete Izany. . .

232 Mifandraisa tànana amin'ireo sakaizanareo mitsangana eo akaikinareo.

. . . mitete rà,

Manaova hoe, "Deraina ny Tompo, rahalahy, ny amin'ny Fahatsarany rehetra."

. . . Filazantsaran'ny Fanahy dia mitete rà,
Oh, ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity. . .

Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao.

. . . Filazantsara dia mitete rà.

Oh, mitete rà Izany. . .

Izay ilay izy. Atsangano ny tànanareo.

Mitete rà Izany,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitete rà,
Ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitete rà.

Mitete rà Izany, (Haleloia!) mitete ra,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity, oh, mitete rà Izany,

[Miresaka amin'ny olona manodidina ny alitara Rahalahy Branham—Mpand.]

. . . rà, eny, mitete rà Izany,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity, mitete rà Izany.

Ny rehetra mihirà an'izany!

Ny ràn'ireo mpianatra. . .

233 Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. [Hoy ilay anabavy hoe, "Ranadahy Branham. . . ?. . . —Mpand.] Hia. ["". . . ?. . . ireo

telo taona farany."] Mahafinaritra! Tena faly aho mandre an'izany. ["Nilaza tamiko izy, raha hanana anjara hiresaka aminao aho, hiteny aminao hoe, 'Akory e.'"] Andriamanitra hitahy anao!

234 Ramatoa iray vao avy nivavahana; efa mamindra izy ankehitriny telo taona izay, manome voninahitra an'Andriamanitra.

Ankehitriny ndao isika hihira an'ity hira tsara tranainy ity. Firy no tia azy ity?

> Finoana ao amin'ny Ray, finoana ao amin'ny Zanaka,
> Finoana ao amin'ny Fanahy Masina, telo ao amin'ny Iray.

Eny àry, ranabavy, omeo ilay izy.

> Finoana ao amin'ny . . . Zanaka,
> Finoana ao amin'ny Fanahy Masina, telo ao amin'ny Iray;
> Handositra ny Devoly, ary hifoha ny mpanota:
> Finoana ao amin'i Jehovah no hanao ny zavatra rehetra . . .

235 Firy no tia vahoaka iray faly tahaka an'izao? Nahoana, Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Ndao isika rehetra hihira ankehitriny. Ny rehetra, amin'ny faratampon'ny feon'izy ireo. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Misaotra anao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao. Amena. Andriamanitra hitahy anao. [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny rahalahy iray—Mpand.] Eny. Amena. Amena. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao.

236 [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny anabavy iray—Mpand.] Andriamanitra hitahy anao, ranabavy malalako. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy.

237 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . ny tànanareo, ary hirao izany ankehitriny.

> Homba anao anie Andriamanitra mandrapihaonantsika . . .

238 Andriamanitra hitahy anao, Ranabavy Kelly. Tena faly aho mahita anao eto ambony eto! [Miresaka amin-dRahalahy Branham ankehitriny Ranabavy Kelly—Mpand.] Tsara. Andriamanitra hitahy anao.

239 Ny rehetra dia mahalala hoe iza izany mihiakiaka izany. Ranabavy Kelly izany. Fantatrareo, izy dia . . . Ny—ny Devoly dia niezaka namono azy teto, tao anatin'ny lozam-piarakodia iray, ary nandefa azy tany amin'ny hopitaly tany, sy feno ratra, ary nilaza izy ireo fa tsy hamindra intsony izy, sy ny sisa. Saingy, ny fahasoavan'Andriamanitra! Izy ilay anankiray sitrana. [Hoy Ranabavy Kelly hoe, "Deraina Andriamanitra!

Deraina Andriamanitra!"—Mpand.] Tahaka ny hoe eto ilay Tafiky ny Famonjena izao maraina izao. Ndao isika hidera ny Tompo miaraka aminy, ny rehetra! Tongava ianareo rehetra, mihaonà amin-dRanabavy Kelly, ary raiso tànana izy rehefa mandalo ianareo.

240 Fantatro fa faly ianareo rehetra mahita ny anabavinareo. Ary, eto, tongava dia raiso tànana izy, eto amin'ny alitara eto mihitsy. Ianareo rehetra hanao, ny rehetra. "Faly aho mahita anao!" Eny, deraina ny Tompo!

> Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
> Homba anareo anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika indray!

Rahalahy Neville.

> Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
> Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy; (Mandra-pihaonantsika!)
> Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!

Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Neville. Amena. Andriamanitra hitahy anao.

241 Ndao isika hijanona ka hanondrika ny lohantsika iray minitra fotsiny, sitrakareo ve, raha mampirava antsika ny rahalahy. Ahondreo ny lohanareo iray minitra fotsiny ao amin'ny vavaka. Rahalahy Neville, raha sitrakao.

Ny Bokin'ny Fiainan'Ny Zanak'ondry MAG56-0603
(The Lamb's Book Of Life)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 3 Jona, 1956, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org